REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAMPAHEFANA

Torolalana fampihatra amin'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna momba ireo sora-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hampiasain'ireo Solontenam-panjakana

Janoary 2017

Les opinions exprimées dans cette publication
ne reflètent pas nécessairement celles
de la Commission Européenne

Ce manuel est réalisé dans le cadre du Programme
de Réformes pour l'Efficacité de l'Administration (PREA) avec le soutien
de l'Union européenne à travers le Projet
Ny Fanjakana ho An'ny Daholobe (N. F. D)

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAMPAHEFANA

NY TENIN'NY MINISITRA

Ny fahaiza-mitantana ny lafintany sy ny fitsinjaram-pahefana no iorenan'ny politikam-panjakana Malagasy. Koa ho fanatanterAhana ny Paikady Natao Dinasa dia nametraka tanjona roa ho fanamby ny Governemanta eo amin'ny fitantanana ny lafin-tany, dia ny fanamafisana ny fahefam-panjakana sy ny fampiorenana ny fizaka-tena ara-pitantanana sy ara-bola ny Vondrombahoakamparitra itsinjaram-pahefana.

Ny Minisitera tantanako dia nandray andraikitra amin'ny fanavaozana sy fandrafetana ary fampiarana ny lalàna mifehy ny fitsinjaram-pahefana sy ny fitsinjaram-pitondrana. Tonga eo amin'ny sehatry ny famokarana torolàlana ho tantsoroky ny Solontenam-panjakana sy ireo tompon'andraikitra ambony eny amin'ny lafin-tany izany ezaka izany ankehitriny.

Ity torolàlana ity ary dia :

- ho fitaovana enti-miasa hitondra fanazavana sy fandalinana mikasika ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna amin'ireo soratrasan'ny Vondrombahoakamparitra itsinjarampahefana mba ahafahan'ireo Solotenanm-panjakana manatanteraka ny fanaraha-maso hataony araka ny lalàna sy hitovy manerana ny fari-piadidiam-panjakana rehetra,
- ho aro-fanina ahatongavana amin'ny fahaiza-mitantana sy ny mangarahara amin'ny fitantanana ny raharaha eny ifotony.

Mazava ho azy fa tsy maintsy hampifanarahana hatrany amin'ny fivoaran'ny didy aman-dalàna manankery ity torolàlana ity ka hanentanako ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay izany.

Eto aho dia maneho ny fankasitrahako ny «Programme de Réforme pour l'Efficacité de l'Administration» sy ny Vondrona Eoropeana amin'ny alalan'ny Fandaharan'asa « Ny Fanjakana ho an'ny Daholobe » tamin'ny nanatontosana ity torolàlana ity.

Farany, mampirisika ny tsirairay aho hampiasa ity boky ity ho toy ny raki-kevitra sarobidy hitondra fahombiazana feno.

MAHAFALY Solonandrasana Olivier
Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation

FANOROAM-PEJY

I. IREO FOTOTRY NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA MOMBA IREO SORA-DRAHARAHAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA 9

I.1. Fotokevitra ankapobe 9
I.1.1. Inona no tian-kambara amin'ny hoe fanarahamaso ? 9
I.1.2. Fiavahana eo amin'ny fanarahamaso mialoha sy ny fanarahamaso ao aoriana 10
I.1.3. Fiavahan'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna sy ny fanarahamaso ny maha-mety 11
I.1.4. Fiavahana eo amin'ny fanarahamaso ara-panjakana sy ny fanarahamaso ara-pitsarana 11
I.2. Ireo lalàna ifehezana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna eto Madagasikara 12

II. NY SAHA FAMPIHARANA NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA 15

II.1. Inona avy ireo sora-draharaha ampiharana ny fanarahamason'ny Solontenam-panjakana ? 16
II.2. Inona avy ireo sora-draharaha tsy voatery anaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ? 17
II.2.1. Sora-draharaha raisina amin'ny anaran'ny Fanjakana 18
II.2.2. Sora-draharaha mahakasika ny fitantanana tsy miankina 19
II.3. Iza avy ireo manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ? 20
II.4. Paikady fampitàna ireo sora-draharaha 21

III. PAIKADY FANARAHAMASO IREO SORADRAHARAHAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA 23

III.1. Paikady fanarahamaso ireo sora-draharaha ara-panjakana 23
III.1.1. Fanarahamaso ivelany ny fanarahan'ny sora-draharaha ny lalàna 23
III.1.1.1. Fanolorana ny sora-draharaha 23
III.1.1.2. Tandrifim-pahefan'ny mpandray ny sora-draharaha 26
III.1.1.3. Vaninandro nandraisana ny sora-draharaha 28
III.1.2. Ny fanarahamaso anatiny ny fanarahan'ny sora-draharaha ny lalàna 29
III.1.2.1. Manamarina ny fifanarahan'ny sora-draharaha amin'ireo didy aman-dalàna manankery 29
III.1.2.2. Manamarina ny tsy fisian'ny fanodikodinam-pahefana 31
III.2. Ny fanarahamaso ireo antontan-taratasy momba ny tetibola 32
III.2.1. Fanarahamaso ny tetibola fiandohana 33
III.2.1.1. Ny fanarahamaso ireo singa araka ny endrikendrika 33
III.2.1.1.1. Ny fampitàna mialoha amin'ny fanarahamaso ara-pitantanam-bola 33
III.2.1.1.2. Ny fanajana ireo fepotoana voatondro ho an'ny fivoriana ara-bola 34
III.2.1.1.3. Fanarahamaso ireo tsy fetezana araka ny endrikendrika 35
III.2.1.1.4. Ireo tovana amin'ny tetibola 35
III.2.1.1.5. Ny fitanisam-pitsipika ara-tetibola 36
III.2.1.2. Fanarahamaso ny votoatin'ny tetibola 37
III.2.1.2.1. Hamarinina ireo kajy 37
III.2.1.2.2. Hamarinina ny mampitombina ny fanoratana ara-tetibola 37
III.2.1.2.3. Hamarinina nyfifandanjana marin'ny tetibola 38
III.2.1.2.4. Hamarinina ny fanoratana ireo fandaniana tsy azo ihodivirana 40
III.2.1.2.4.1. Lisitr'ireo fandaniana tsy azo ihodivirana 40
III.2.1.2.4.2. Paikady raha toa ka misy fanadinoana fandaniana tsy azo ihodivirana 41
III.2.1.2.5. Hamarinina ny mampitombina ireo loharanom-bola 42
III.2.1.2.6. Hamarinina ny mampitombina ireo fandaniana 43
III.2.1.2.7. Hamarinina ireo foto-kevitra fototry ny lalàna momba ny tetibola 44
III.2.2. Ny fanarahamaso ireo tetibola fanampiny sy fanitsiana 44
III.2.3. Ny fanarahamaso ny kaontim-panjakana 45
III.3. Ny fanarahamaso ireo sora-draharaha fifanarahana momba ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana 46
III.4. Fanarahamaso manokana momba ireo sora-draharaha raisina anatin'ny fitantanana ny fananantany (BIF) 47

IV. NY TOHIN'IREO VOKATRY NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA 49

IV.1. Ny dingana mialoha ny fitsarana 50
IV.1.1. Dingana mialoha ny mety ho fandraisana ny mpitsara 50
IV.1.2.Ireo safidy mety homena ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana 50
IV.2. Ny dingana momba ny fifanolanana 51
IV.2.1. Iza no mampiditra ny fitoriana ? 51
IV.2.2. Manoloana fitsarana manao ahoana no atao ny fitoriana ? 52
IV.2.3. Inona avy ireo fitsipika ara-paikady ? 53
IV.2.3.1. Toetra ankapoben'ny paikady 53
IV.2.3.2. Fitoriana noho ny fanaparam-pahefana 53
IV.2.3.2.1. Ny fitoriana 53
IV.2.3.2.1.1. Endriky ny fitoriana 53
IV.2.3.2.1.2. Votoatin'ny fangatahana 53
IV.2.3.2.1.3. Ireo fepotoana 54
IV.2.4. Mampihantona ny sora-draharaha ve ny fitoriana ? 55
IV.2.5. Iza no misolo tena ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manoloana ny Fitsarana ? 56
IV.2.6. Ahoana no fanaovana fampiakarana ny didy navoakan'ny Fitsarana ? 56

V. NY FANDAMINANA NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA 58

V.1. Ny amin'ny fandraisana ireo sora-draharaha 59
V.2. Ny amin'ny fizohiana ny taratasy 60
V.3. Famindra arahina mikasika ny fandinihana ireo sora-draharaha 61
V.4. Ny amin'ny firaketan-kevitra 62
V.5. Fepetra fampihatra raisina aorian'ny fandinihana ireo sora-draharaha 63
V.6. Ireo fepetra raisina mialoha mba hisorohana ny fitoriana 63
V.7. Fitsinjaran'andraikitra anatin'ny fizotran'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna 65

TOVANA

- Maodelin'ny fitoriana mialoha ny famakiana ady sy ny fitoriana famakiana ady 69
  - Maodelin'ny taratasy itondram-panamarihana 69
  - Maodelin'ny fitoriana angatahana fanafoanana 70
  - Maodelin'ny fitoriana angatahana fampiatoana 71
- Takila fanarahamaso 72
  - Sora-draharahan'ny mpanatanteraka 72
  - Sora-draharahan'ny Filankevitra 74
  - Tetibola fiandohana 76
  - Kaontim-panjakana 78
- Maodelin'ny tatitra isan-taona momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna 80

FAMPIDIRANA

Nandritra ireo dimampolo taona farany, dia nanandrana endrika fitsinjaram-pahefana ara-panjakana samihafa arakarak'ireo rafitra ara-pôlitika izay nisy ny Fanjakana malagasy. Vokatr'izany dia nivoatra avy amin'ny fitsinjaram-pahefana mifanga akaiky amin'ny fahefana antampony, teo ambanin'ny fampiharana ireo lalàna tamin'ny taona 1960, nampihatra ireo fanarahamaso fiahiana na amin'ireo sora-draharahan'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana na amin'ny olona, ka nankamin'ny rafitra izay ny fiahiana dia tsy hefain'ny fahefana antampony fa hefain'ny vondrombahoakam-paritra amin'ny iray hafa, tao anatin'ilay nantsoina tamin'izany fotoana izany hoe « centralisme démocratique ». Nanomboka ny taona 1990, dia nihanalefaka tsikelikely ny endriky ny fiahiana, nanjary nihanitombo ny fanarahamaso ao aoriana na dia hoe notànan'ny Fanjakana ihany aza ny fanarahamaso mialoha ireo sora-draharaha ara-pitantanam-bola tamin'ny voalohany.

Rehefa tonga ny taona 2000, indrindra ny kihon-dalana nozohina nanomboka ny taona 2014 vao hita fa nahazo toerana ny fitsinjaram-pahefana, na teo amin'ny fitomboan'ireo rafi-paritra itsinjaram-pahefana na tamin'ireo tandrifim-pahefana nomena ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny fahafahana nomena azy ireo.

Noho izany, ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika Fahefatra tamin'ny 11 desambra 2010 dia manambara (andininy faha- faha 144) fa « malalaka ny fitantanantenan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ka amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny antenimierany no andaminany ny raharahany araka ny tandrifim-pahefana omen'ity lalàmpanorenana ity sy ny lalàna azy ireo ».

Nanaraka izany ny fanaovan-dalàna sy didy amam-pitsipika maro hiara-dalana amin'ny fitsinjaram-pahefana ka teraka teo ny lalàna maro ; singanina manokana ireto manaraka ireto :

- ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany manokana,
- ny lalàna laharana faha-2014-020 mikasika ny loharanom-bolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy, ary
- ny lalàna laharana faha-2014-021 mikasika ny fisoloantenam-panjakana.

Niara-dàlana tamin'ny fanamafisana ny lalàna, dia nanjary laharam-pahamehampirenena lehibe ny fitsinjaram-pahefana, ka izany dia voalaza tanatin'ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika, « Madagasikara, firenena vaovao sy mandroso » ary voadika anatin'ny Pôlitikam-panjakana Ankapobe (PGE), izay notsinjaraina anatin'ny Paikady natao Din'Asa (PND) 2015-2019.

Soritan'ny PND ny fahalemen'ny fitantanana noho ny « tsy fahamehana sy ny fisalasalana amin'ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy ary ny tsy fisian'ny fandraisana fanapahan-kevitra hentitra mikasika ny famindram-pahefana sy ny loharanom-bola.... na dia betsaka aza ny rijantenin-dalàna sy didy amam-pitsipika novolavolaina ho amin'izany ».

Izany no ilazana fa ny fitantanana amin'ny ankapobe sy amin'ny lafin-tany manokana dia tafiditra eo afovoan'ny pôlitikam-panjakan'ny Governemanta malagasy izay mikendry ny **« hanafainganana ny fomba famindra ho amin'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fampiharana ny fandaharan'asa hanamafisana sy hanomezana tantsoroka ho an'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (CTD) sy ireo sampan-draharaham-panjakaka ara-teknika (STD) [1]»** .

Hita indrindra izany eo anivon'ny Zotra 1 amin'ny PND « Fitantanana, Tany Tan-dalàna, Filaminana, **Fitsinjaram-pahefana**, Demokrasia, Fihavanam-pirenena » sy ny Zotra 3 : « Fampandrosoana iombonana sy **fifangiran'ny fampandrosoana amin'ny lafin-tany »**.

Saingy raha toa ka safidy tsy azo ihodivirana ny fitsinjaram-pahefana, dia Fanjakana tokana (Etat unitaire) izay mikendry ny hanatanteraka feno ireo andrakitra manokan'ny Fanjakana (rôle régalien) ny Firenena malagasy mba hiantohana ny fampiharana mirindra ireo fepetra araka ny lalàna manerana ny tanim-pirenena. Milaza, noho izany, ny andininy faha-140 amin'ny Lalàmpanorenana malagasy fa « ny Fanjakana no miahy ny hisian'ny fampandrosoana mirindra eo amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehetra ka izany dia mifototra amin'ny firaisankinam-pirenena, ny harena azo trandrahana ananan'ny faritra tsirairay avy ary ny fifandanjana iraisam-paritra . . . ». Na dia manome fitantanana malalaka ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana aza izy, ny Fanjakana ihany no hany mitazona ireo tombontsoam-pirenena ka izany indrindra no anampian'ny andininy faha-144 (andàlana 2) amin'ny Lalàmpanorenana fa « tsy afaka mifanohitra amin'ireo fepetra volazan'ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna ary ny didy amam-pitsipika ireo fanapahana raisin'izy ireo. ». Tian'ny Fanjakana arovana eto ny fifandanjana marefo eo amin'ny fizakan-tena ifotony sy ny lalàm-pirenena. Vokatr'izany no iantohany ny fanatanterahana ny fanarahamaso ao aoriana ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay tanterahin'ireo solontenany eo an-toerana. Nomena iraka mafonja ireto farany mba hanome tolo-tànana ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba ahafahana miantoka ny fifanarahan'ny sora-draharahan'izy ireo amin'ny didy aman-dalàna manankery ao anatin'ny fepetra mifanaraka amin'ny lalàna sy mba ho tombontsoan'ny besinimaro irery ary mba hanomezana tolo-kevitra sy fanomezan-tànana ihany koa.

1 Raki-kevitra PND, 2 aprily 2015.

Arakaraka ny itomboan'ny fitsinjaram-pahefana ao amin'ny Firenena iray no tsy maintsy ipetrahan'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna. Tao anatin'izany fanatsarana ny firafitry ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ao aoriana izany no nahatonga ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana miaraka amin'ny Fandaharan'Asa « Ny Fanjakana ho an'ny Daholobe (NFD) » vatsian'ny Vondrona Eropeana vola, izay isan'ireo fitaovana mafonja eo anivon'ny Fandaharan'Asa Fanavaozana ho amin'ny Fahombiazanan'ny Fitantanan-draharaham-panjakana (PREA), hampanatanteraka izao torolalana momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ho an'ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izao.

Mikendry indrindra izao torolàlana izao ny hanomezana ireo solontenam-panjakana fitaovana fampihatra amin'ny fanarahamaso ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Mikendry manokana izy ny :

- hanome ireo solontenam-panjakana eo an-toerana sy ireo mpiara-miasa aminy fitaovana fampihatra mba hiantohana, ao anatin'ireo fepetra rehetra mety, ny iraka momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ;
- hampiharina toy ny fitaovam-pampianarana, hamenoana ireo fitaovana teknika efa vita na andàlam-pamolavolana ao anatin'ny NFD, ho an'ny fampiofanana ireo mpisehatra ifotony (olom-boafidy, mpiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, sy sampan-draharaham-panjakana ara-teknika) mikasika ny asa sy ny irak'izy ireo mifandraika amin'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna mba hisorohana araka izay azo atao, ireo fahadisoana mety mitondra mankamin'ny tsy fitoviana raha mitaha amin'ny didy aman-dalàna manankery sy hisorohana izay mety ho fifanolanana ao aoriana ;
- ahafahana mametraka ho fomba fanao andavanandro ny fampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ho an'ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana araka ny firehan'ny Firenena tokana izay mibaiko ny maha-tokana ny lalàna sy ny fampiharana ara-drariny izany manerana ny tanim-pirenena.

Amin'ny ambangovangony kokoa, ankoatra ny tanjona araka ny lalàna sy ara-teknika, dia mikendry amin'ny ankapobeny ny hanomezana ireo mpisehatra ifotony fitaovana mifanaraka mba ho amin'ny fangaharahana misimisy kokoa eo amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana ifotony.

Mba hahafaha-mamaly misimisy kokoa ireo tanjona omena azy, izao torolàlana izao dia miompana amin'ny sokajy dimy :

- Ireo fototry ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna momba ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- Ny saha fampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ;
- Ny paikady fanarahamaso ireo sora-draharaha na ara-pitantanana izany na ara-tetibola ;

- Ny tohin'ireo vokatry ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ;
- Ny fandaminana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ;

Ankoatra izany, dia atovana amin'izao torolàlana izao ireo fitaovana fampihatra toy ny takila fanarahamaso sy antontan-kevitra hafa mifandraika.

I. IREO FOTOTRY NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA MOMBA IREO SORA-DRAHARAHAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

Hojerena etoana ireo fotokevitra ankapoben'ny fanarahamaso (1) mialoha ny ampahatsiahivana ireo fototry ny fanarahamaso ny fanarahan-dalana ao anatin'ny didy aman-dalàna malagasy (2).

I.1. Fotokevitra ankapobe

Mba ahafahana misahana tsara ny atao hoe fanarahamaso, dia hojerentsika ny momba izany teny izany amin'ireo heviny samihafa. Havahantsika amin'izany ny fanarahamaso mialoha sy ny fanarahamaso ao aoriana, ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna sy ny fanarahamaso ny maha-mety (contrôle de l'opportunité), ny fanarahamaso ara-panjakana sy ny fanarahamaso ara-pitsarana.

I.1.1. Inona no tian-kambara amin'ny hoe fanarahamaso ?

Amin'ny dikany ankapobe, ny fanarahamaso dia famindra arahina izay natao mba hitsirihana ireo tsy fetezana raha mitaha amin'ny fenitra voapetraka. Tsy tanjona akory izy fa fomba mikendry ny hanamarihana, amin'ny fotoana mety, ireo elanelana mitaha amin'ny fenitra na ireo fandikana ny didy aman-dalàna mba ahafahana, isaky ny tranga tsirairay, mandray ireo fepetra fanitsiana, manoritra ny andraikitr'ireo voakasika, misitraka ny fanonerana na mandray ireo fepetra isakanana na farafaharatsiny, hanasarotana amin'ny ho avy ny fanatanterahana ireo sora-draharaha tsy manara-penitra. Isan'ny tombon-jo ananan'ny Fanjakana hampanjakana ny tombontsoan'ny besinimaro izany.

Azo ampiharina amin'ny olona eo ambany fifehezana ny fanarahamaso ka, amin'izany dia, lazaina izy hoe manaraka ny ambaratongam-pifehezana na anatiny ary mety mitarika ny fanovàna na ny fanafoanana ny sora-draharaha, na satria izany heverina fa tsy mifanaraka amin'ny lalàna , na satria mety tsy ilaina izy araka ny fijerin'ny lehibe. Azo ampiharina ihany koa izy amin'ireo rafitra itsinjaram-pahefana ary lazaina izy amin'izany hoe fiahiana na ny fanarahan-dalàna, arakaraka ny haben'ny fizakan-tena omena ireo rafitra ireo, ka izany dia manaporofo ny maha-ambony ny Fanjakana raha mitaha amin'ireo vondrona itsinjaram-pahefana (vondrombahoakam-paritra na orin-draharaham-panjakana ohatra).

Ankoatra izay dia tsara raha avahana tsara ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna sy ny fisafoana (inspection), ary ny fitsirihana (audit).

Ny fitsirihana dia fandalinana manokana mahaleotena manana endrika fanaraha-maso sy torohevitra iarahan'ny tompon'andraikitra sy ny sampana arahi-maso, izay mikendry ny fanamafisana ny fanatanterahana, ny fanatsarana ny fampandehanan-draharaha sy ny fahombiazany, ary anomezana fahatokisana amin'ny fifehezana ny raharaha sy ny fanatsarana ny tanjona. Ny fitsirihina dia natao iantohana ny fampiharana ny didy aman-dalàna sy ny paika tokony arahina.

Ny fisafoana kosa dia fanadihadiana lalina tanterahina eny an-toerana ary eo antrehan'ny antontan-taratasy. Fanadihadiana tanterahina anaty fitandremana izany, mba iantohana hoe araka ny tokony ho izy ve ny zavatra iray, na araka ny nanambaràna azy, na noforonina mifanaraka amin'ny didy aman-dalàna manan-kery. Aorian'ny fanadihadiana nataony, ny mpanara-maso dia afaka mandroso sazy ankoatra ny fangatahana entina manatsara ny fahombiazan'ny sampana arahi-maso.

I.1.2. Fiavahana eo amin'ny fanarahamaso mialoha sy ny fanarahamaso ao aoriana

Ny fanarahamaso mialoha dia fanamarinana, mialoha ireo tranga, ny fifanarahan'ireo sora-draharaha hotanterahin'ny Fanjakana amin'ireo fitsipika voapetraka. Ny fanarahamaso ao aoriana dia fanamarinana, ao aorian'ireo tranga, ny fifanarahan'ireo sora-draharaha notanterahin'ny Fanjakana amin'ireo fitsipika ireo ihany.

Mitranga mialoha ny asa, ny fanarahamaso mialoha dia natao hisorohana ireo izay mety ho fandikana ny didy amam-pitsipika mikasika ny fitantanana ara-panjakana sy ara-pitantanambola indrindra indrindra. Ahafahana misakana mialoha ny fandraisana fanapahan-kevitra tsy mifanaraka amin'ireo fepetra voambaran'ny didy aman-dalàna manankery izy. Azo heverina noho izany izy hoe fanarahamaso ex ante.

Ny fanarahamaso mialoha dia manome ny fahafahana manampy amin'ny fisorohana ireo sora-draharaha mety hitondra vokadratsy mialoha ny hitrangan'izany kanefa dia misy lafiratsiny ihany koa izy satria manavesatra be loatra ny asa sahanin'ny manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso, sady miteraka teritery ho an'izany manam-pahefana izany no miteraka fifangaroana eo amin'ny andraikitra voalazan'ny lalàna (indrindra eo amin'ny fanarahamaso voatondron'ny lalàna sy ny fanarahamaso avy amin'ny fahefana feno).

Mitranga aorian'ny asa, ny fanarahamaso ao aoriana dia ahafahana mametraka, aty aoriana, ny andraikitr'ireo voakasika. Ahafahana misitraka fanarenana ireo fahavoazana nozakaina izy ary manampy amin'ny fisakanana ny fiverimberenan'ireo fandikan-dalàna natao. Azo lazaina ho fanarahamaso ex-post izany.

I.1.3. Fiavahan'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna sy ny fanarahamaso ny maha-mety

Ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna dia enti-manamarina ny fifanarahan'ny sora-draharaha amin'ireo lalàna amin'ny dikany mivelatra (rijantenin-dalàna, didim-panjakana, hitsivolana, didim-pitondrana, tenimita, sns). Tsy mijery ny maha-mety na tsia ny sora-draharaha izy izany hoe tsy manao fitsarana mikasika ny ilaina na tsia ny asa atao. Mihatra ao aorian'ny fankatoavan'ireo rafitra mahefa izy ka noho izany dia mihatra avy hatrany raha vao nampahafantarina ny besinimaro na nampitaina amin'ny tandrify sy nampitaina amin'ny manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

Manome fahalalahana manan-danja ny vondrombahoakam-paritra izay tsy iharan'ny fanarahamaso ny maha-mety noho izany ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

Ilain'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna satria ahafahana miantoka ny fanajana ny lalàna izy ary vokatr'izany dia miaro ny olom-pehezina amin'ireo izay mety ho fihoaram-pahefana ataon'ireo manam-pahefana ifotony.

Iantohan'ny Fanjakana izay mpiantoka ny tombontsoan'ny besinimaro ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

I.1.4. Fiavahana eo amin'ny fanarahamaso ara-panjakana sy ny fanarahamaso ara-pitsarana

Lazaina ho ara-panjakana ny fanarahamaso rehefa tanterahin'ny rafitra ara-panjakana. Ara-pitsarana kosa izy rehefa entina manolona ny mpitsara.

Mety hitarika mankamin'ny fanarahamaso ara-pitsarana anefa ny fanarahamaso ara-panjakana raha toa ka lavin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana anaovana fanarahamaso manoloana ny mpitsara ny ady amin'ny Fanjakana ny fanapahan-kevitr'ity farany. Atao noho izany ny fitoriana manoloana ny manam-pahefana ara-pitsarana ka izany dia manaraka paikady henjana momba ny endrika. Tsy afaka mitsara ny mpitsara raha tsy misy ny fitoriana nataon'ny Fanjakana na ny olona matiantoka, kanefa ny manam-pahefana kosa dia afaka mandray tena avy hatrany mikasika ny sora-draharaha izay heveriny ho tsy mifanaraka amin'ny fenitra voapetraka.

Tsara anefa ny manipika fa ny fanarahamaso ara-pitsarana dia mitondra ho amin'ny didy izay manana ny hery tsy azo ivalozana vokatry ny fitsarana natao raha toa ny fanarahamaso ara-panjakana ka mitondra amin'ny fanapahan-kevitra azo toherina manoloana ny Fitsarana ny ady amin'ny fanjakana.

Manao ahoana ny tranga malagasy ?

Azo lazaina ho toy izao manaraka izao ny fomba fanarahamaso ampiharina ankehitriny amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (Kaominina, Faritra, Faritany) :

- *Fanarahamaso ao aoriana : ampiharina izy aorian'ny maha manakery ireo sora-draharaha ary tsy fepetra mahakasika ity farany.*
- *Fanarahamaso ara-pitsarana : ireo fitsarana ny ady amin'ny Fanjakana no hany mahefa hanafoana ireo sora-draharaha mifanohitra amin'ny lalàna.*
- *Fanarahamaso ny fanarahan-dalàna : ny tsy fanarahana ny lalàna no hany antony tokana iampangana ny sora-draharaha raisin'ny vondrombahoakam-paritra. Tsy antony anafoanana intsony ny tsy maha-mety ny fandraisana ireo fanapahan-kevitra.*

I.2. Ireo lalàna ifehezana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna eto Madagasikara

Rijatenin-dalàna fitsiahy :

- *Savaranonandon'ny Lalàmpanorenana ;*
- *Andininy voalohany, faha-3 sy 144 amin'ny Lalàmpanorenana ;*
- *Andininy faha-4 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 ;*
- *Lalàna laharana faha-2014-021 du tamin'ny 12 septambra 2014*
- *Andininy faha-17 sy 69 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014*
- *Andininy faha-41 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014*
- *Andininy faha-43 Andininy faha- 95 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015*
- *Andininy faha-34 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014 ;*
- *Andininy faha-62, 95 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015*
- *Andininy faha-95 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015*

Toy ny asa rehetra hefain'ny Fanjakana, ny fanarahamaso dia apetraka eo ambanin'ny fotokevitry ny fanarahan-dalàna ka manaja noho izany ny fitambaran'ireo lalàna (bloc de légalité) amin'ny dikany malalaka , izay ahitana ny fitambaran'ireo fitsipika araka ny lalàna ampiharina amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana : Lalàmpanorenana, fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin'ny Firenena, ireo didy aman-dalàna voasoratra, na raha tsy misy dia ireo didy famoakan'ny fitsarana sy ireo fotokevitra ankapobe momba ny lalàna.

Eto Madagasikara, ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna dia mifototra amin'ny fitambaran'ireo fepetra hita taratra anatin'ny lalàna manankery eto amin'ny Firenena izay tondrointsika manaraka eto ny tondrozotra vitsivitsy :

- Ireo fepetra araka ny Lalàmpanorenana : ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika Fahefatra :

  - manambara ao amin'ny savaranonandony « ny fananganana Tany Tan-dalàna izay ny mpitondra sy ny entina dia iharan'ny lalàna mitovy eo ambany fanarahamason'ny fitsarana mahaleotena » ;

  - manamafy ny toetra mahatokana ny Firenena (andininy faha-voalohany) izay mametraka manerana ny tanim-pirenena manam-pahefana araka ny lalàna sy ara-politika mitovy ;

  - manambara (andininy faha- voalohany) fa «ny demokrasia sy ny fotokevitry ny tany tan-dalàna no fototra iorenan'ny Repoblika ».

  - milaza (andininy faha-3) fa « Ny Repoblikan'i Madagasikara dia Firenena mipetraka eo amin'ny rafitry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ahitana ny Kaominina, Faritra ary Faritany ka iantohan'ny Lalàmpanorenana ary faritan'ny lalàna ireo tandrifim-pahefana sy fotokevitry ny fizakan-tena ara-panjakana sy ara-pitantana-bola ».

  - manambara (andininy faha-65), fa « ny Fanjakana, avy amin'ny Praiminisitra, no miantoka ny fampandrosoana tsy mitanila sy mirindra manerana ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana »,

  - manamafy farany (andininy faha-144), fa ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana « dia malalaka ara-pitantanana... » ary manampy ihany koa fa ireo « fanapahana raisin'izy ireo dia tsy afaka mifanohitra amin'ireo fepetra araka ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna ary ny didy amam-pitsipika ».

- Ireo lalàna, ka tsipihina manokana :

  - ny lalàna laharana faha-2014-018 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary koa ny fitantanana ny raharahany manokana izay milaza (andininy faha-4)

fa « Ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manana fahefana handray didy amam-pitsipika, ka ampiharina ny fanarahamaso araka ny lalàna ao aoriana ireo sora-draharaha raisiny » ;

- ny lalàna laharana faha-2014-020 mikasika ireo loharanom-bolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo fombafomba fifidianana ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ireo anjara raharahan'ny rafitra ao aminy dia milaza (andininy faha-24) fa : « ny Solontenam-panjakana no miadidy ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna momba ireo sora-draharahan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ».

• Ireo didy amam-pitsipika,ho fampiharana ireo lalàna voalaza etsy ambony toy ny :

- ny didim-panjakana laharana faha-2014–1929 amerana ireo fepetra fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana izay milaza fa :

  ▪ Ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ireo sora-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana » (andininy faha-34) ;

  ▪ Fanarahamaso ao aoriana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna tanterahin'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana, ka izany dia mahakasika ny fifanarahana amin'ny didy aman-dalàna manankery ihany.... Iantohany ny mahatokana ny lalàna ifampitondrana manerana ny tanim-pirenena » (andininy faha-35). Feran'izany rijan-teny izany ihany koa :

    ✓ ny fomba fampitàna sy fandraisana ireo sora-draharaha ampiharana ny fanarahamaso,

    ✓ ireo singa hohadihadiana, ary koa,

    ✓ ireo mety ho tohiny omen'ny Solontenam-panjakana ny fanarahamaso raha toa ka misy fiahiahiana tsy fanarahan-dalàna,

- Ny didim-panjakana laharana faha-2015–959 mikasika ny fitantanana ara-tetibola sy ara-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (toko VII, andininy faha-95 sy ny manaraka mikasika ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna momba ny tetibola) ;

- ny didim-panjakana laharana faha-2015–960 izay milaza (andininy faha-62) : « ireo sora-draharaha raisin'ny lehiben'ny mpanatanteraky ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ao aoriana izay hefain'ny Solontenam-panjakana ».

Izany fitambaran-dalàna izany dia mihamafy vokatry ny fankatoavan'ny Firenena malagasy ny Sata iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ary koa ireo fifanarahana mifandraika. Amin'ny maha-firenena tan-dalàna, dia ampihariny ireo fehin-kevitra ankapobe araka ny lalàna nateraky ny fotokevitra eken'izao tontolo izao toy ny fotokevitry ny fitoviana manoloana ny lalàna, ny fotokevitry ny zo hanana fiarovana, ny fotokevitra manambara fa ireo sora-draharaha rehetra dia azo toherina amin'ny alàlan'ny fitoriana noho ny fihoaram-pahefana, ny fotokevitra mifandraika amin'ny fiarovana araka ny lalàna : tsy fampiharana ny sora-draharaha ara-panjakana amin'ireo tranga mialoha ny famoahana azy, famoahana fepetra tetezamita mba hiarovana ireo tombontsoan'ny hafa vokatry ny fifanarahana, ny fotokevitry ny fepotoana mitera-jo (prescription) sns.

Manomboka amin'izany fototra araka ny lalàna izany no ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna. Izany fanarahamaso izany dia tsiahivina ihany dia tsy mitovy lenta velively amin'ny toetra fankatoavana ny sora-draharaha fa manamarina ihany ny fifarahanana amin'ny lalàna.

II. NY SAHA FAMPIHARANA NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA

Rijan-teny fitsiahy :

- *Andininy faha-17, 25, 69, 70 sy 258 amin'ny lalàna laharana faha- 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ;*
- *Andininy faha-24 sy 25 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 ;*
- *Andininy faha-41 amin'ny lalàna laharana faha-2015-011 anaovana sata manokana ho an'Antananarivo, renivohitr'i Madagasikara tamin'ny 25 martsa 2015 ;*
- *Andininy faha-4, 36 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014 –1929 tamin'ny 23 desambra 2014 ;*
- *Andininy faha-17 sy 27 amin'ny didim-panjakana laharana faha-99-952 tamin'ny 15 desambra 1999 ametrahana ny vondrona ara-panjakana momba by fiarahamiasa iombonan'ny Kaominina ;*
- *Andininy faha-31 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015*

Mialoha ny hijerena ny paikady fanarahamaso dia tsara ny mamaly mialoha ireto fanontaniana telo manaraka ireto :

- Inona avy ireo sora-draharaha ampiharana na tsia ny fanarahamaso ?
- Iza no miadidy ny fanarahamaso ?
- Ary, manao ahoana ny amin'ireo fepetra fampitàna ireo sora-draharaha ireo ?

II.1. Inona avy ireo sora-draharaha ampiharana ny fanarahamason'ny Solontenam-panjakana ?

Tanisain'ny didim-panjakana laharana faha-2014 –1929 voatsiahy etsy ambony ao amin'ny andininy faha-37, ka izany dia tsy voafetra, ireo sora-draharaha ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, izay azo tsinjaraina araka ny karazany, mba hanamorana ny famakiana azy, toy izao manaraka izao :

Sora-draharaha tsy mivaly

• ireo fanapahan-kevitra rehetra raisin'ny Filankevitra ;

• ireo didim-pitondrana sy fanapahana rehetra raisin'ny lehiben'ny mpanatanteraka ;

• ireo fanapahankevitra manokana mikasika ny fanendrena, ny fisondrotana laharana na dingana ho an'ireo mpiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

• ireo fanapahan-kevitra manokana mikasika ny sazy, fandroahana, sy fanapahana fifanarahan'asan'ireo mpiasa ;

• ireo fanomezan-dàlana hanorina, hitsinjara tany, handrava, sy ireo fanomezan-dàlana hafa momba ny làlana.

Sora-draharaha momba ny tetibola

• ireo sora-draharaha rehetra momba ny tetibola, izany hoe [2] :

- ny tetibola iandohana ;
- ny kaontim-panjakana ;
- ny tetibola fanampiny ;
- ny tetibola fanitsiana ;
- ny fandaharan'asa fampiasam-bola hamokarana isaky ny telo taona

Sora-draharaha miendrika fifanarahana[1]

• ireo fifanarahana rehetra momba ny fifampiraharahana ara-barotra amin'ny fanjakana ;

• ireo fifanarahana momba ny trosa ;

• ireo fifanarahana sy fanapahan-kevitra mikasika ny fiarahamiombon'antoka ary koa ny fiarahamiasa eo amin'ny samy vondrombahoakam-paritra na itsinjaram-pahefana ;

• ireo fifanarahana fampisahanana na fampanofana raharaham-panjakana miendrika ara-indostria na ara-barotra ;

• ireo sora-draharaha fifampivarotana, takalo, fanomezana, fividianana, fifanakalozana, fanekena fanekena fanomezana ary koa ireo fifanarahana fampanofan-tany izay mety misy fiantraikany amin'ny fari-pananan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana

1 Tsy fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona

2 Tsy nomarihan'ny andininy faha- hoe sora-draharaha momba ny tetibola manao ahoana no resahana eto, fa ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 no manome ireo andinindinin'ny antontan-taratasy momba ny tetibola amin'io endriny io (andininy faha-23).

Tsara ny manamarika fa :

- iharan'ny fanarahamaso ny mitovy amin'ny Vondrombahoakam-paritra ihany koa ireo sora-draharahan'ny orin-draharaham-panjakana mifangitra amin'ny Vondrombahoakam-paritra sy ireo vondrom-piaraha-miasa iombonan'ny Vondrombahoakam-paritra toy ny vondrona fiaraha-miasa iombonan'ireo kaominina (OPCI). Noho izany, ny didim-panjakana laharana faha-99-952 tamin'ny 15 desambra 1999 ananganana ny vondrona fiaraha-miasa iombonan'ireo kaominina (OPCI) dia manambara ao amin'ny andininy faha-17 sy 27, mikasika ireo sora-draharahan'ny Filoha sy ireo fanapahana raisin'ny Filankevitry ny OPCI, fa apetraka ao amin'ny Filoha mba hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna eo anivon'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana eo amin'ny foiben'ny OPCI ireo sora-draharaha ireo.
- tsy maintsy ampitain'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo amin'ny «Préfet de Police» ireo sora-draharaha noraisin'ireo Delegen'ny Ben'ny Tanàna tamin'ny anarany mba hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna (andininy faha-41 amin'ny lalàna laharana faha-2015-011 anaovana sata manokana ho an'Antananarivo, Renivohitr'i Madagasikara).

Ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna avokoa ireo sora-draharaha rehetra ireo, na dia tsy lisitra feno aza. Izany hoe misy sora-draharaha hafa tsy voatondro etoana kanefa mety hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, noho ny fiposahan-kevitra avy amin'ny lehiben'ny mpanatanteraka na noho ny fangatahan'ny Solontenam-panjakana.

TSARA HO MARIHINA

Ilaina ny mampahatsiahy fa tsy misakana ny fampiharana avy hatrany tsy arahina fepetra ireo sora-draharaha ireo na dia ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna aza, rehefa nampahafantarina ny besinimaro (raha toa ka sora-draharaha mahakasika ny maro) na nampahafantarina ny manandrify (raha toa ka sora-draharaha manokana) ary koa rehefa nampitaina[1].

II.2. Inona avy ireo sora-draharaha tsy voatery anaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ?

Misy karazan-tsora-draharaha roa tsy anaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, noho ny karazany manokana : ireo sora-draharaha raisina amin'ny anaran'ny Fanjakana sy ireo sora-draharaha fehezin'ny lalàna momba ny fifampitondrana isam-batan'olona.

1 Andininy faha- 17, 18, 21 sy 70 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 (jereo koa anaty efajoro 1, mikasika ny fifandraisan'ny toetra fanakerezann'ny sora-draharaha sy ny fampitàna).

II.2.1. Sora-draharaha raisina amin'ny anaran'ny Fanjakana

Mitondra satroka roa ny lehiben'ny mpanatanteraky ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ; amin'ny andaniny dia misolotena ny Vondrombahoakam-paritra ary vokatr'izany dia manana iraka maro amin'ny maha-manam-pahefana mpanatanteraky ny Vondrombahoaka ; amin'ny ankilany dia antsoina ihany koa izy hanatanteraka ireo iraka izay, noho ny maha-voatokana ho an'ny Fanjakana azy, dia hefain'ny Fanjakana, ka vokatr'izany dia raisiny amin'ny anaran'ny Fanjakana. Ohatra noho izany ny Ben'ny Tanàna :

- Mikasika ny fampahafantarana ny besinimaro ireo didy aman-dalàna : no miantoka ny fampahafantarana ireo lalàna sy didy amam-pitsipika amin'ny besinimaro ary mitandrina ny fampiharana azy ireo,
- Mikasika ny sora-piankohonana : mitantana ny sampan-draharahan'ny Sora-piankohonana (amin'ny maha-mpiandraikitra ny sora-piankohonana : andininy faha-31 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960, mikasika ireo anjara raharahan'ny lehiben'ny mpanatanteraky ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana) ary, noho izany izy dia manatanteraka ny sora-piankohonana momba ny fahaterahana, ny fahafatesana, ny fanambadiana ary koa manao ny fanamarinana samihafa ;
- Mikasika ny fanajariana ny tany sy ny fitantanana ny tany :
  - manao ny drafi-panajariana ny Kaominina,
  - manome ny fanomezan-dàlana hanorina,
  - manome ireo kara-tany,
  - manome ireo fahazoan-dàlana vonjimaika hampiasa toerana,
- Mikasika ny fitandroana ny filaminana : mampiasa ny fahefana hitandroana ny filaminana (pouvoir de police administrative) (andininy faha-37 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960)mba hiantohana ny filaminam-bahoaka, mihazona ny fahasalamam-bahoaka ary mitandro ny fomba (mœurs)eo amin'ny toerana misy azy. Ho amin'izany dia afaka mandray didim-pitondrana izy toy ny :
  - famaritana ny farafetran'ny tanàna na eny am-pidirana na eny am-pivoahana ;
  - famaritana ny hafainganam-pandeha farany ambony rehefa mamakivaky ny tanàna ;
  - fanondroana ireo fihaonan-dàlana ao anatin'ny tanàna ;
  - famerana ny fampiasana fanairana misy feo na klaxon ;
  - fanaovana fitsipika mifehy ny toeram-pihantsonana ;
  - famerana na ny fandraràna ny fivezivezena amin'ireo làlana kaominaly, sns ;

Ho an'ireo iraka tanterahiny amin'ny anaran'ny Fanjakana, dia iharan'ny fanarahamasohefain'nySolontenam-panjakananylehiben'nympanatanteraky ny vondrombahoakam-paritra, ka izany dia mety hahatongavana amin'ny fahefana fisoloan-toerana, raha toa ka ilaina. Ohatra : rehefa tanindomin-doza ny filaminam-bahoaka ; anatin'ny Kaominina roa na maromaro mifanolobodirindrina, dia azon'ny Préfet na ny Lehiben'ny Distrika atao ny misolo ny toeran'ireo Ben'ny Tanàna voakasika, mba hampiasa ireo fahefana fitandroana ny filaminana, kanefa tsy maintsy amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana omban'antony irery ihany no anaovana izany (andininy faha-45 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

II.2.2. Sora-draharaha mahakasika ny fitantanana tsy miankina

Amin'ny toe-javatra sasany, dia afaka mitondra tena toy ny olon-tsotra ny Fitantanan-daraharaham-panjakana ifotony, ka ireo sora-draharaha raisina anatin'izany dia tsy heverina ho toy ny ara-panjakana fa tsy miankina. Mitranga izany ho an'ny vondrombahoakam-paritra rehefa :

- mitantana ny tanim-panjakana azo amidy izy, izany hoe ireo fananana tsy mifaka na mifaka izay tsy ampiasaina na ho an'ny besinimaro na ho an'ny sampan-draharaham-panjakana toy ny fampanofana na ny fivarotana trano na tany tafiditra anatin'ny tanim-panjakana azo amidy,
- manao fifanarahana (abonnement) : fifanarahana momba ny famatsiana jiro sy rano ohatra na fifanaraham-piantohana ho an'ireo fiarany manokana,
- mampiditra mpiasa ao anatin'ny fifanarahana arak'asa tsy fehezin'ny sata mifehy ny mpiasam-panjakana ; na,
- mitantana sampan-draharaha ara-barotra na ara-indostria.

TSARA HO MARIHINA

Amin'izany fepetra izany, dia fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona, raha ny tokony ho izy, ny fifanolanana mahakasika ireo fifanarahana ireo

Na dia izany aza anefa, dia iharan'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ireo sora-draharaha rehetra nihavian'ireo fifanarahana. Ohatra amin'izany, dia iharan'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ny fanapahana anomezan-dàlana ny fivarotana fananana tafiditra anatin'ny tanim-panjakana azo amidy ny vondrombahoakam-paritra (fivarotana na fampanofàna tany manokana ohatra).

Ankoatra izany, dia azon'ny Solontenam-panjakana atao ny mangataka amin'ny manam-pahefana ifotony ny fampitàna ireo antontan-taratasy ahafahany manao jerilavitra sy ny fanarahan'ny sora-draharaha hadihadiany lalàna, ka tafiditra amin'izany ireo sora-draharaha fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona.

TSARA HO MARIHINA

Mba ho fitandremana, dia tsy maintsy ampitaina amin'ny Solontenam-panjakana ny sora-draharaha, na dia heverina ho fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona aza, mba hiantohana fa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny isam-batan'olona ny antonantony ary koa manaja, raha misy, ireo sora-draharaha mialoha ny fandraisana azy (fanapahana manome alàlana azy ohatra). Tsy iharan'ny fanarahamaso anefa izy amin'ny maha-izy azy.



II.3. Iza avy ireo manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ?

Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 (andininy faha-24), sahanin'ny Solontenam-panjakana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, ka tafiditra anatin'izany ny tahirin-kevitra momba ny tetibola, ireo fifanarahana mikasika ny fifanaraham-barotra amin'ny fanjakana sy ny fitantanana itsinjaram-pahefana ny tany. Amin'izany dia :

- sahanin'ny Kaomisera jeneraly ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna momba ireo sora-draharahan'ny faritany ;
- sahanin'ny Préfet ny fanarahamaso ny fanarahan-dalànan'ny Faritra ;
- sahanin'ny Lehiben'ny Distrika ny fanarahamaso ny fanarahan-dalànan'ny Kaominina[1] .

TSARA HO MARIHINA

Ho an'ireo Kaominina manana sata manokana (Kaominina andrenivohitra Antananarivo, Sainte Marie, Nosy Be), iharan'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna hefain'ny Préfet de Police izay manam-pahefana eo an-toerana ireo sora-draharaha raisin'ny rafitr'izy ireo. Kanefa dia ampiharana ireo fitsipiky ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna mitovy amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hafa izy ireo.
Ho an'ireo Kaominina ao amin'ny Distrika renivohitry Prefektiora, dia hefain'ny Préfet ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

1 Amin'ny zava-misy ankehitriny, amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ireo kaominina irery ihany no miasa toy ny rafitra voafidy, ireo faritra dia tantanan'ny lehiben'ny delegasiona iay ny sora-draharaha dia ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ihany ary ny Faritany dia tsy mbola voapetraka toy ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Iharan'ny fanarahamason'ny Préfet ireo sora-draharahan'ny Kaominina.

II.4. Paikady fampitàna ireo sora-draharaha

• Raha vantany vao nankatoavin'ireo rafitra mahefa, dia soniavin'ireo manam-pahefana tandrify hanao izany ireo sora-draharaha :

- soniavin'ireo mpikambana nanatrika na nosoloina tena tamin'ny fivoriana ireo fanapahana (andininy faha-17 andalana 2 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020) ;
- soniavin'ny lehiben'ny mpanatanteraka ireo sora-draharaha raisiny.

• Ny lehiben'ny mpanatanteraka dia manamarina ary, eo ambany fiandraiketany, ny toetoetra mampihatra avy hatrany ireo sora-draharaha ireo (andininy faha- 70 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

• Amin'ny alàlan'ny fanamarinana, dia manamarina ihany koa ny lehiben'ny mpanatanteraka fa nampitaina amin'ny tandrify azy ny sora-draharaha raha toa ka manana toetoetra manokana izy (ka ampiarahina amin'izany ny fanamarinam-paharaisana izany) ary nampahafantarina ny besinimaro (teo amin'ny fametahana afisim-panjakanan'ny vondrombahoakam-paritra na amin'ny fomba mety rehetra) raha toa ka natao ho an'ny besinimaro izany.

• Ampitain'ny mpanatanteraky ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana amin'ny solontenam-panjakana ao anatin'ny fepotoana tsy mihoatra ny telopolo andro aorian'ny vaninandro nanaovan-tsonia azy ireo noho izany ireo sora-draharahan'ny OPCI na ny an'ny orin-draharaham-panjakana ifotony, araka ireo fepetra voalazan'ny lalàna laharana faha-2014-021 (andininy faha-25) voatsiahy etsy ambony, ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 (andininy faha-36). Adidin'ny lehiben'ny mpanatanteraky ny vondrombahoakam-paritra itsinjarampahefana ny fampitàna izany. Toy izany ihany koa ireo sora-draharaha raisin'ny Delegen'ny Ben'ny Tanàna amin'ny anarany eo anivon'ny Kaominina Antananarivo renivohitra.

TSARA HO MARIHINA

Ny fandefasana mahazatra ireo fanapahan-kevitra, voasonian'ny Filohan'ny Filankevitra sy ny mpampakateny, alefan'ny lehiben'ny mpanatanteraka amin'ny solontenam-panjakana miankina amin'ny andininy faha-19 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 dia ampy samirery mba ho azo arahimaso ireo sora-draharaha ireo.

Izany anefa dia tsy misakana fa ny solontenam-panjakana dia afaka manamarina ny mampitombina ny sonian'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra noho ny fitànana an-tsoratra nampitaina taminy sy, raha toa ka misy ny fisalasalana, mitaky ny fanolorana ireo matoan-tsoratra.

• Azo ampiharana sazy ny tsy fanajan'ny lehiben'ny mpanatanteraka ny tsy maintsy ampitàna ireo sora-draharaha. Manambara mantsy ny andininy faha-69 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 fa ny tsy fanarahana miverimberina ny fampitàna dia fahadisoana lehibe raisina ho antony anonganana ny lehiben'ny mpanatanteraka tsy nahatontosa ho fampiharana ny andininy faha-258 amin'izany lalàna izany. Iankinan'ny fanatanterahana ireo sora-draharaha aza ny fampitàna (anaty efajoro 1 ; etsy ambany). Efa voatondron'ny andininy faha-259 amin'io lalàna io ihany ny paika arahina amin'izany.

TSARA HO MARIHINA

Tsy maintsy hefaina ny fampitàna ary iankinan'ny fiharan' ny sora-draharaha.

• Azon'ny Lehiben'ny mpanatanteraka ampiarahina amin'ny sora-draharaha ampitaina ireo singa rehetran'ny antontan-taratasy, na amin'ny fiposahan-keviny na noho ny fangatahan'ny solontenam-panjakana (andininy faha-38, didim-panajakana laharana faha-2014-1929).

TSARA HO MARIHINA

Ny fampitàna, fepetra miantoka ny fampiharana ny sora-draharaha :

Fepetra miantoka ny fampiharana ny sora-draharaha ny fampitàna :

- *ny andininy faha- 21 amin'ny lalàna laharana faha'2014-020 voalaza etsy ambony dia manambara fa : « ireo fanapahana raisin'ny Filankevitra ary koa ireo dinan'asa» voalazan'ny andininy faha- 18 etsy ambony, dia mihatra avy hatrany tsy misy fepetra raha vao natao ny fampahafantarana ny besinimaro na ny fampitàna amin'ireo voakasika, ankoatra ny fampiharana ireo fepetra entin'ny andininy faha-17 etsy ambony ». Kanefa ny andininy faha- 17 (andàlana faha-3) dia milaza hoe : « Ny fanapahana tsirairay dia tsy maintsy ampitaina amin'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana ka izany dia hefain'ny lehiben'ny mpanatanteraka mba hanaovana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna farafahatarany telopolo andro aorian'ny fankatoavana azy ».*
- *Ny sora-draharaha iray tsy voampita na tara vao nampitaina dia mety hiteraka toe-javatra mitarika amin'ny fahavoazana tsy azo ihodivirana mikasika ny zon'ny iray amin'ny roa tonta raha toa ka tsy vita ara-potoana ny fitoriana.*
- *Tsy fanitsakitsahana ny fenitry ny fitantanana malalaka akory ny fametrahana ny fiankinan'ny fampiharana ny sora-draharaha amin'ny fampitàna azy, satria mihatra avy hatrany ny sora-draharaha rehefa avy nampitaina sy nampahafantarina na nanomezan-tsosona 'ho an'ireo sora-draharaha manokana) mialoha ny fanadihadian'ny Solontenampanjakana azy.*
- *Farany, dia manasarotra tanteraka ny asan'ny Solontenam-panjakana izay miahy ny tombontsoan'ny besinimaro ny tsy fampitàna ireo sora-draharaha indrindra ireo izay mety hiteraka vokatra maharitra araka ny lalàna. Tsy afaka ihany koa izy ny hanatanteraka ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ary handray ny Fitsarana raha ilaina, raha toa ka tsy nampitaina taminy ny sora-draharaha*
- *Atao ary anomezana fanamarinam-paharaisana ny fampitàna (andininy faha-25 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 sy andininy faha-4 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929) ary tsy maintsy sokafana eo anivon'ny fisoloantenam-panjakana ny rejisitr'ireo sora-draharaha nampitaina (jereo ao aoriana : lafiny fandaminana).*

TSARA HO MARIHINA

Ferana ho telopolo andro ny fepotoana fampitàna, toy ny voalazan'ireo andininy faha-69 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 sy faha-36 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929[1]

III. PAIKADY FANARAHAMASO IREO SORADRAHARAHAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

Hojerena anatin'izao sokajy izao hoe inona no atao amin'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna : inona no arahimaso momba ireo sora-draharaha ara-panjakana ? Inona no arahimaso momba ireo antontan-taratasy momba ny tetibola ary inona no atao raha toa ka misy fifanaraham-barotra amin'ny fanjakana na misy sora-draharaha raisin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ao anatin'ny fitantanana ny fananan-tany ifotony (BIF) ?

III.1. Paikady fanarahamaso ireo sora-draharaha ara-panjakana

Rijan-teny fitsiahy :

- *Andininy faha-137 sy 139 ary ny manaraka amin'ny Lalàmpanorenana ;*
- *Andininy faha-12 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-018 tamin'ny 14 aogositra 2014 ;*
- *Andininy faha-13 sy ny manaraka ary andininy faha-82, 83, 85, 86,118, 274, 298 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ;*
- *Andininy faha-34 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014.*

III.1.1. Fanarahamaso ivelany ny fanarahan'ny sora-draharaha ny lalàna

III.1.1.1. Fanolorana ny sora-draharaha

Hamarinina eto ny singa mifandraika amin'ny endrikendriky ny sora-draharaha, ka jerena noho izany ireto singa manaraka ireto :

- Ny sonian'ny sora-draharaha : mba hanaraka ny lalàna sy azo ampiharina dia tsy maintsy vita sonian'ny mpandray azy ny sora-draharaha. Tsy maintsy manana ny karatra misy ny mari-tsonian'ny manam-pahefana tsirairay antsoina hanasonia sora-draharaha ny manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso : Filohan'ny filankevitra na Filoha lefitry ny filankevitra, lehiben'ny mpanatanteraka na lefitra iray na maromaro, mpiasa ao

1 Tsy mametraka olana ny tsy fahazavan'ny fanoratana ny andininy faha- 69 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 izay milaza fa ampitaina amin'ny solontenam-panjakana anatin'ny 30 andro ireo sora-draharaha ary ny andininy faha- 25 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 milaza fa tsy amintsy ampitaina avy hatrany amin'ny Solontenam-panjakana ireo sora-draharaha raisin'ny rafitr'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Tsy vitan'ny hoe voatsinjon'ny didy aman-dalàna maromaro ny fepotoana telopolo andro fa sady ampiharina ihany koa andavanandro indrindra fa ny fiheverana teo am-panoratana ny andininy faha- 25 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021, ny hamehana dia raisina ho toy ny fanindriana ny tsy maintsy ampitana faran'izay haingana ireo sora-draharaha (ka tsy voatery miandry ny fahataperanan'ny telopolo andro voatondro).

amin'ny vondrombahoakam-paritra na izay rehetra afaka manasonia noho ny fanomezam-pahefana (izay ampidirina anatin'ny fanapahan-kevitra nanomezam-pahefana).

TSARA HO MARIHINA

Tsy maintsy arindra tsara eo anivon'ny sekretarian'ny fisoloantenam-panjakana (Lehiben'ny Distrika, Préfet, Préfet de Police, Kaomisera jeneraly) ny fanakilasiana ireo fanapahana nanomezam-pahefana mba ahafahana mijery azy ireny amin'ny fotoana rehetra ilaina izany noho ny fanarahamaso.

- Ny antom-pandraisana ny sora-draharaha : hamarinina anatin'izany raha toa ka milaza mazava ireo antony nandraisana azy ny sora-draharaha ao anatin'ny fanoratana azy. Tsy maintsy arahin'antony ireo fanapahana mitera-pahavoazana ho an'ireo entina na ny mpiasa (ohatra : famerana ny fahafahana, sazy, fanafoanana fanapahana nanomezan-jo, sns). Ahafahana misoroka ireo mety ho tsy mazava na ny fifanolanana eo amin'ny roa tonta ny fametrahana ny antom-pandraisana ary manamarina ny maha-marim-pototra ny sora-draharaha ;
- Ny paikady ifanatrehana : izany dia midika fa ny olona (na vondrona) anton'ny fepetra noraisina, dia manana ny zo hohenoin'ny manam-pahefana izay natao handray ny fepetra mahakasika azy ; ampiharina hatrany izany raha toa ka tsy hampiharina amin'ny besinimaro ilay fepetra ;
- Ny fanajana ny fitovian'endrika (parallélisme des formes) : tian-kambara amin'izany fa tsy maintsy manaja ny endrikendriky ny sora-draharaha niandohana ny fanovana na fanafoanana sora-draharaha ao aoriana. Noho izany, raha toa ka misy fanapahan-kevitra fanafoanana na fanovana amin'ny alàlan'ny fanapahan-kevitra iray hafa, fanapahana raisin'ny lehiben'ny mpanatanteraka amin'ny alàlan'ny fanapahana iray hafa raisin'ny manam-pahefana mitovy, raha tsy hoe misy fepetra manokana voalazan'izany sora-draharaha izany (ohatra : raha toa ilay sora-draharaha ka milaza fa ao anatin'ny fepetra sasantsasany dia azo ovain'ny manam-pahefana hafa noho ny nanao sonia ny sora-draharaha tany amboalohany) ;
- Ireo fitsiahy samihafa (visas) : ny sora-draharaha dia tsy maintsy ahitàna amin'ny savaranonandony :
  - ireo rijan-teny fitsiahy izay ifotorany,
  - ny sora-draharaha manome tandrifim-pahefana ny mpandray azy,

ohatra :

  - raha toa ka ny lehiben'ny mpanatanteraka no mandray ny sora-draharaha, dia tsy maintsy hita ao ny didim-pitsarana nanambarana ny vokatra ofisialy izay nitondra azy ho eo amin'ny toerany (andininy faha- 298 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020), torak'izany koa ny an'ny Filohan'ny Filankevitra,

▪ raha toa ka soniavin'ny lefitry ny lehiben'ny mpanatanteraka ny sora-draharaha dia tsy maintsy ambara ny didim-pitondrana nenti-manendry azy ;

▪ raha toa ka raisin'ny lehiben'ny mpanatanteraka noho ny fanomezam-pahefana avy amin'ny filankevitra ny sora-draharaha dia tsy maintsy ambara ny fanapahana nanomezam-pahefana azy.

- Raha toa ka ilaina izany, dia azo tsiahivina ihany koa ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra izay antom-pandraisana ny sora-draharaha ary koa ireo fepetra noraisina nanomanana ny sora-draharaha (ohatra : fitànana an-tsoratra na tatitry ny vaomieran'ny filankevitra izay nihavian'ny sora-draharaha) ;

• ny paikady fakan-kevitra : ny manam-pahefana mahefa dia mety ho voaterin'ny didy aman-dalàna, mialoha ny fanapahana, hila fanehoan-kevitra avy amin'ny rafitra ara-panjakana na tsy miankina, avy amin'ny vondrona mahasolotena na ireo manampahaizana manokana. Amin'izany dia tsy maintsy ambaran'ny sora-draharaha mazava ny fanehoan-kevitra.

• Singa hafa mahakasika ny endrikendrika ilaina hamarinina :

- ny laharana na ny lohatenin'ny sora-draharaha ;

- raha toa ka fanapahana, hamarinina :

▪ ny maha-mitombina ny fampiantsoana ny filankevitra : sonian'ny fampiantsoana nataon'ny filoha folo andro farafahakeliny mialoha ny fivoriana ho an'ny fivoriana ara-potoana, ary iray andro katroka ho an'ny fivoriana tsy ara-potoana (andininy faha- 85 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020),

▪ fanajana ireo fepotoana folo andro feno farafahabetsany raha toa ka fivoriana ara-potoana (andininy faha- 74, lalàna laharana faha-2014-020), ankoatra ny fankatoavana ny tetibola fiandohana izay mety hahatratra dimy ambiny folo andro ; raha toa ka fivoriana tsy ara-potoana, fanajana ny fepotoana tsy mihoatra ny telo andro ary koa ireo fepetra fampiantsoana (araka ny fangatahan'ny lehiben'ny mpanatanteraka, ny antsasak'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra na ny Solontenam-panjakana : andininy faha- 83 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020) ;

▪ fanajana ny fitsipiky ny fenitr'isa tratrarina (andininy faha- 86 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020) : takiana ny fihoarana ny antsasany, aorian'ny fampiantsoana voalohany ; raha tsy tratra izany fenitr'isa izany, dia afaka mandray fanapahana malalaka ny filan-

kevitra aorian'ny fampiantsoana faharoa, izay mielanelana telo andro, na firy na firy no isan'ireo mpikambana manatrika na manana fisoloan-tena ;

- fanamarihana tao anatin'ny fitànana an-tsoratra ny isan'ireo mpikamban'ny filankevitra amperinasa amin'ny vaninandrompivoriana, ny anaran'ireo mpikambana nanatrika, ny anaran'ireo mpikambana tsy nanatrika nahatonga fialan-tsiny na tsia ary ireo nanao fanomezam-pahefana (andininy faha- 82 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

III.1.1.2. Tandrifim-pahefan'ny mpandray ny sora-draharaha

• Hamarinina fa noraisin'ny olona afaka mandray azy eo anatrehan'ny lalàna ny sora-draharaha, raha tsy izany no mitranga dia omban'ny tsy fetezana noho ny tsy fananana tandrifim-pahefana (vice d'incompétence) ny sora-draharaha. Midika izany fa hamarinin'ny manampahefana miadidy ny fanarahamaso :

- raha toa ka fanapahana raisin'ny filankevitra, fa izany fanapahana izany dia noraisin'ireo mpanolotsaina voafidy ara-dalàna teo amin'ny fari-piadidiana voakasika, nanatrika na voasolo tena, noho ny fandefasana nataon'ny lehiben'ny mpanatanteraka ireo fanapahana vita sonian'ny filoha sy ny mpampaka-teny ary koa ny fitànana an-tsoratra ny fivorian'ny filankevitra ;

Raha toa ka misy fisalasalana mikasika ny sonian'ireo mpanolotsaina dia takiana ny fampisehoana ireo matoan-tsoratry ny vita sonian'ireo mpanolotsaina.

- raha toa ka vita sonian'ny lehiben'ny mpanatanteraka ny sora-draharaha, dia tena izy no tokony nanao izany ;

- raha toa ka noraisin'ny manam-pahefana noho ny fanomezam-pahefana ny sora-draharaha, dia tokony nanana fanomezam-pahefana nomena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana vita sonian'ny tompom-pahefana izany.

TSARA HO MARIHINA

Marihina amin'izany fa ny andininy faha- 118 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 dia manondro fa azon'ny lehiben'ny mpanatanteraka atao, eo ambany fanarahamasony sy ny andraikiny, ny manome fahefana, amn'ny alàlan'ny didim-pitondrana, sombiny amin'ireo fahefany ho an'ny mpiaramiasa aminy iray na maromaro. Mitoetra hatrany ireo fanomezam-pahefana ireo raha toa ka tsy mbola nofoanana. Mety hoferana amin'ny fanomezam-pahefana hanao sonia izany fanomezam-pahefana izany, kanefa mety hihoatra izany koa, amin'ny fanomezana sombim-pahefana ; tsy mitovy ny fiantraikan'izany karazany roa izany (jereo anaty efajoro 2, etsy ambany).

• Hamarinina ny tandrifim-pahefana ara-toeran'ny mpandray ny sora-draharaha (na tandrifim-pahefana « ratione loci ») : tsy maintsy mihatra ao amin'ny tanin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny sora-draharaha. Raha mandray sora-draharaha ivelan'ny faritry ny tany iadidiany izy dia misy tsy fetezana noho ny tsy fananana tandrifim-pahefana eo an-toerana (vice d'incompétence territoriale).

TSARA HO MARIHINA

Fijery fampitahana momba ny fanomezam-pahefana sy ny fanomezam-pahefana hanao sonia

Ny fanomezam-pahefana	*Ny fanomezam-pahefana hanao sonia*
- Mitarika famindrana feno ny fahefana hanapa-kevitra amin'ny manam-pahefana nomem-pahefana izy ary manala amin'ny mpanome fahefana ireo andraikitra nanomezam-pahefana.	*- Tsy mamindra amin'ny nomem-pahefana afa-tsy ny asa fanaovan-tsonia ireo sora-draharaha. Tanan'ny mpanome fahefana ny fahefana hiresaka raharaha iray ary manokana izany ho an'ny soniany.*
- Fanomezam-pahefana tsy izahana olona omen'ny manampahefana iray ho an'ny manam-pahefana iray hafa izany. Raha toa ka miova ny mpanome na ny nandray fahefana, dia mitoetra hatrany ny fanomezam-pahefana raha tsy hoe misy fepetra mifanohitra voalazan'ny didy aman-dalàna manankery.	*- Fanomezam-pahefana natao eo amin'ny olon-droa mifankalala tsara dia ny mpanome sy ny mpandray fahefana no tranga eto. Raha toa ka mandao ny andraikiny ny anankiray amin'izy ireo dia foana ny fanomezam-pahefana raha tsy hoe misy fepetra mifanohitra voalazan'ny didy aman-dalàna manankery.*
- Ny nomem-pahefana no tena nandray ny sora-draharaha.	*- Ny sora-draharaha dia soniavina amin'ny anaran'ny mpanome fahefana izay mitoetra ho mpandray izany sora-draharaha izany*

• Hamarinina ny tandrifim-pahefana ara-potoanan'ny mpandray (na tandrifim-pahefana « rationetemporis ») : tsy azon'ny manam-pahefana ara-panjakana iray atao ny mandray fanapahan-kevitra raha tsy manomboka amin'ny fotoana naharaisany ny fahefana hanao izany ary mandritra ny fotoana ananany izany fahefana izany. Tsy azony atao araka izany ny mandray fanapahan-kevitra mialoha ny fanendrena azy na aorian'ny fitsaharany amin'ny asany.

TSARA HO MARIHINA

Tsara ny mampahatsiahy fa ambaran'ny andininy faha-274 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 hoe : Manomboka amin'ny vaninandro amoahana amin'ny fomba ofisialy ny lisitr'ireo mpilatsa-kofidina dia ambara ho toy ny mametra-pialana tsy misy fepetra ireo lehiben'ny mpanatanteraka amperinasa izay noraisina ny filatsahan-kofidin'izy ireo ; tsy afaka mivory intsony ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra. Tsy afaka mandray fanapahan-kevitra intsony izy ireo noho izany vokatry ny tandrifim-pahefana « ratione temporis ».

III.1.1.3. Vaninandro nandraisana ny sora-draharaha

Hamarinina eto ny vaninandro nankatoavana sy naharaisana ny sora-draharaha mba hiantohana fa voahaja ny fepotoana fampitàna.

- Manana 30 andro ny lehiben'ny mpanatanteraka mba hampitàna amin'ny solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana ireo sora-draharaha noraisin'ny rafitry ny vondrombahoakam-paritra, ireo orin-draharaham-panjakana mifangitra ary ireo OPCI.
- Koa satria noferan'ny lalàna ny fepotoana mba hampitàna ny sora-draharaha dia tsy maintsy hamarinin'ny Solontenam-panjakana ny fanajana izany fepotoana izany, satria fepotoana tsy azo ihoarana tsy maintsy hajain'ny manampahefana ifotony izany ka ny fandikana izany dia tsy maintsy mitarika fifandinihana (mise au point) avy amin'ny manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso.

Tsiahivin'ny Solontenam-panjakana indrindra amin'izany fa fandikan-dalàna mibaribary izay mety hitarika fanafoanana izany (andininy faha-69 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

- Manan-danja tokoa ny fampitàna ireo sora-draharaha anatin'ny fanajana ny fepotoana voatondro satria, amin'ny andaniny, fepetra takian'ny lalàna izany ary koa, amin'ny ankilany, ny faharaisan'ny Solontenam-panjakana ireo antontan-taratasy no manokatra ny paikady fanadihadiana izay mety hitondra amin'ny fitoriana eo anivon'ny Fitsarana ny ady amin'ny Fanjakana ka mitarika vokatr'izany ny fampiatoana na ny fanafoanana ny sora-draharaha na dia efa nampiharina ka nitera-bokatra aza izany.

TSARA HO MARIHINA

Arakaraka ny hafainganan'ny fampitàna no mampihena ny voka-dratsy mety hozakain'ny Vondrombahoakam-paritra, raha toa ka misy fampiatoana na fanafoanan'ny Fitsarana ny sora-draharaha satria tsy maharitra ny vokany ka mora ny manarina azy.

III.1.2. Ny fanarahamaso anatiny ny fanarahan'ny sora-draharaha ny lalàna

Tsy singa momba ny endrikendrika intsony no hamarinina etoana fa ireo singa momba ny vontoatiny izay mety hahitàna fa tsy manaraka ny lalàna ny sora-draharaha. Toetoetra lehibe anankiroa no hamarinina eto :

- ny tsy fandikàna ny lalàna amin'ny dikany malalaka sy ;
- ny tsy fisian'ny fanodikodinam-pahefana.

III.1.2.1. Manamarina ny fifanarahan'ny sora-draharaha amin'ireo didy aman-dalàna manankery

Ho amin'izany dia toetoetra telo no jerena :

- Manamarina ny tsy fandikana mivantana ireo fitsipika araka ny lalàna :

Satria andraikiny ny mitandro ny fandrindrana ireo petra-pitsipika ifotony amin'ireo petra-pitsipika araka ny lalàna, dia hamarinin'ny Solontenam-panjakana raha toa ireo sora-draharaha nampitain'ny vondrombahoakam-paritra taminy ka mifanaraka na tsia amin'ireo rijan-tenin-dalàna amboniny, izany hoe ny vondron-dalàna manontolo :

- Ny Lalàmpanorenana izay petra-pitsipika faratampony amin'ny lalàna ka mihoatra ireo rehetra hafa ;
- ireo fifanekena sy fifanarahana iraisam-pirenena izay manana fahefana ambony noho ny lalàna miantomboka amin'ny fampahafantarana azy ireo ny besinimaro raha toa ka nankatoavina ara-dalàna ary noho ny fepetra apetraky ny fifanekena na fifanarahana isanisany momba ny fampiharana andaniny azy (andininy faha- 137 amin'ny Lalàmpanorenana). Hamarinina amin'izany raha toa ka tsy manohitra fifanarahana niarahana tamin'ny mpiara-miombon'antoky ny fampandrosoana ohatra ireo sora-draharaha noraisin'ny vondrombahoakam-paritra na raha toa ka nisy fifanarahana natao tanatin'ny fiarahamiasa itsinjaram-pahefana ; dia jerena raha toa izany ka tsy mifanohitra amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena noraisin'i Madagasikara (andininy faha- 20 amin'ny lalàna laharana faha-2014-018) ;
- ireo lalàna (lalàna fehizoro, lalàna, hitsivolana) ary koa ireo didy amam-pitsipika rehetra (didim-panjakana, didim-pitondrana, tenimita,...) manankery eto amin'ny firenena.

Hamarinin'ny Solontenam-panjakana ihany koa fa tsy manohitra ireo didy amam-pitsipika noraisin'ny vondromparitra itsinjaram-pahefana teo aloha ary tsy mbola nofoanana ary tsy manohitra ihany koa ireo foto-kevitra ankapoben'ny lalàna. Noho izany, ohatra :

- ny fanapahan'ny filankevitra dia tsy azo ampidirana fepetra mifanohitra amin'ireo fanapahana teo aloha izay mbola tsy nofoanan'ny filankevitra ;
- tsy afaka manohitra ny fanapahan'ny filankevitra ny sora-draharaha raisin'ny lehiben'ny mpanatanteraka ;
- tsy azo raisina hanankery amin'ny zava-misy mialoha ny namoahana azy ny sora-draharaha, araka ny foto-kevitra tsy ananan'ny sora-draharaha ara-panjakana hery amin'ny zava-misy mialoha ny amoahana azy ; ny vaninandro fampitàna sy fampahafantarana ny besinimaro no vaninandro ananany hery ;
- tsy azo ampiharina amin'ny mpiasam-panjakana na ny mpiasa ny sazy ara-pitsipika tsy voatondro anatin'ny satan'ny mpiasam-panjakana na ny sata manokan'ny mpiasa ;
- tsy maintsy manaraka ireo fotokevitra ankapoben'ny lalàna toy ny fitoviana manoloana ny hetra, ny vesatra ara-panjakana, ny raharaham-panjakana, ny fidirana amin'ireo asam-panjakana ny fidirana amin'ny fanana-mifakan'ny fanjakana, sns ny sora-draharaha tsirairay raisin'ny filankevitra na ny mpanatanteraka.

• Hamarinina fa tafiditra anatin'ny anjara raharahan'ny vondrombahoakam-paritra nandray azy ny antonanton'ny sora-draharaha

Tsy afaka miasa ivelan'ny sehatra izay nahazoany tandrifim-pahefana (tandrifim-pahefana « ratione materiae ») ny manam-pahefana ifotony. Tsy maintsy hamarinin'ny Solontenam-panjakana fa ny sora-draharaha dia tafiditra tokoa amin'ny :

- tandrifim-pahefana ankapobe nomen'ny vondrombahoakam-paritra (indrindra ireo voalazan'ny toko III, andininy faha- 12 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-018),
- tandrifim-pahefana nomen'ireo lalàna isan-taranja ny vondrombahoakam-paritra,
- ary, araka ny hoe fanapahana na sora-draharaha noraisin'ny mpanatanteraka, ireo anjara raharaha nomena ny filankevitra (Titra II amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 mikasika ireo anjara raharahan'ny rafitra mpanapakevitra, andininy faha-13 sy ny manaraka) na ireo anjara raharaha nomena ny lehiben'ny mpanatanteraka (didim-panjakana laharana faha-2015-960 mikasika ny anjara raharahan'ny lehiben'ny mpanatanteraka).

- Hamarinina fa tsy nisy fahadisoana na araka ny lalàna na araka ny zava misy (erreur de fait)

Mety hanao fahadisoana araka ny lalàna na araka ny zava misy ny mpandray ny sora-draharaha :

- Ny fahadisoana araka ny lalàna dia mitranga isaky ny mampiasa petra-pitsipika tsy azo raisina ho fototra araka ny lalàna ho an'ny sora-draharaha. Ohatra :
  - raha toa ny mpandray ny sora-draharaha ka mampiasa fepetra araka ny lalàna diso na tsy azo ampiharina noho ny tsy fahafantarana ny lalàna mametraka fepetra efa nofoanana, ohatra), na,
  - raha toa ka diso famaky ny lalàna iray izy (ohatra tsy fahazoana tsara ny tenimita iombonan'ny ministera izay mahatonga ny fampiharana azy ho amin'ny zotra mifanohitra amin'ny tadiavina) na ihany koa,
  - raha toa izy ka nanaisotra fanomezan-dàlana nomena araka ny lalàna satria nanaovan'ny olon-tsotra fitarainana izany.
- Ny fahadisoana araka ny zava misy dia mitranga isaky ny misy fanapahankevitra noraisina noho ny antony tsy mitombina na tsy ampy hanamarinana azy. Ohatra :
  - sazy iray nohamarinina noho ny fahadisoana tsy nisy na,
  - sazy iray tsy mifandanja raha oharina amin'ny zava-nitranga (fandroahana eo amin'ny toeran'ny fampitandremana na fampodiana) na ihany koa,
  - fandraisana mpiasa amin'ny sokajin-draharaha tsy mifandraika amin'ny mari-pahaizana ananany.

III.1.2.2. Manamarina ny tsy fisian'ny fanodikodinam-pahefana

Manamarina ny tsy fisian'ny fanodikodinam-pahefana dia mitovy amin'ny hoe manamarina fa manampy amin'ny fanatrarana ny tombontsoan'ny daholobe ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra, fa raha tsy izany dia azo heverina ho toy ny fanodikodinam-pahefana izy ireo. Misy ny fanodikodinam-pahefana rehefa manatanteraka sora-draharaha mifandraika amin'ny tandrifim-pahefany toy ny hoe manaraka ny lalàna ny manam-pahefana ara-panjakana kanefa mba hanatrarana tanjona hafa ankoatra ny antony izay tokony handraisana azy araka ny lalàna. Ohatra :

- rehefa mandray fanapahankevitra noho ny antony ara-pôlitika na ho azy manokana ny lehiben'ny mpanatanteraka ka manome tombondahiny manokana sokajy voatondro avy amin'ny mpanjifa ka mitera-boka-dratsy ho an'ny sokajy hafa (ohatra, mandrara ny famelarana entam-barotra

manoloana ny magazay mpivarotra ambongadiny mba hanalalahana ny fivezivezena amin'ny làlam-bahoaka kanefa mba hanomezana tombondahiny manokana ireo mpivarotra ambongadiny no tena antonantony tsy ambara) ;

- rehefa mandray fepetra noho ny filaminanm-bahoaka mifototra kokoa ami'ny vokatry ny lamandy izy mihoatra ny filaminanana ankapobe na ny fahasalam-bahoaka ; na,
- rehefa manapaka ny hanorina làlana izy mba hampirindrana ny fifamoivoizana kanefa ny tanjona tsy ambara dia ny mba hampisondrotana ny sandan'ny tranony na ny an'ny akaiky azy izay manamorona ny faritr'izany làlana izany ; sns.

TSARA HO MARIHINA

Tsara ny misarika ny sain'ireo manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna mikasika ny fahasarotan'ny fanamarinana ny fanodikodinam-pahefana satria noho ny antony tena manokan'ny manam-pahefana nandray ny fanapahankevitra izany. Ka noho izany, rehefa tsy misy ny fiahiahiana mari-pototra mikasika ny fanodikodinam-pahefana ; dia amporisihina ny fahamailoana mba hisorohana ny mety hahatongavana amin'ny toe-javatra anjakan'ny fanararaotam-pahefana.

III.2. Ny fanarahamaso ireo antontan-taratasy momba ny tetibola

Rijan-teny fitsiahy :

- *Andininy faha-147 amin'ny Lalàmpanorenana ;*
- *Andininy faha-75, 83,139,144 sy ny manaraka ; andininy faha-159,166 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 ;*
- *Andininy faha-166 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 mikasika ny Fitsarana momba ny ady amin'ny fanjakana sy ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola, novain'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004 ;*
- *Andininy faha-7 sy ny manaraka ; andininy faha-35 sy ny manaraka ; andininy faha-47, 62 sy ny manaraka ; andininy faha-66 sy 96 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015.*

Mandika ny safidy ara-pitantanam-bola, ara-toe-karena sy ara-politikan'ny vondrombahoakam-paritra ny tetibola. Noho ny mampavesa-danja azy eo amin'ny fampandehanana tsara ity farany sy ao anatin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa fampandrosoana, dia tsy maintsy jerena manokana izy toy ny fitambaran'ireo antontan-taratasy ara-pitantanam-bola : tetibola fiandohana, kaonty ara-panjakana, tetibola fanampiny, tetibola fanitsiana.

III.2.1. Fanarahamaso ny tetibola fiandohana

III.2.1.1. Ny fanarahamaso ireo singa araka ny endrikendrika

III.2.1.1.1. Ny fampitàna mialoha amin'ny fanarahamaso ara-pitantanam-bola

Ho an'ireo Faritany, ny Faritra sy ny Kaominina andrenivohitra, ny tetibola ary koa ireo sora-draharaha sy ny fanapahana rehetra misy fiantraikany ara-bola dia tsy azo ampiharina raha tsy aorian'ny fanomezan'ny Fanarahamaso ara-pitantanam-bola fanehoan-kevitra (andininy faha-159 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020) mialoha ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ny sora-draharaha ataon'ny Solotenampanjakana mahefa, raha tsy izany dia tsy azo ampiharina izy ireny.

Ho an'ireo tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, dia manomboka ny vaninandro naharaisana ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ara-pitantanam-bola ny vaninandro fampitàna (andininy faha-96 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959)raha toa ka tsy nomena tanatin'ny fepotoana ara-pitantanam-bola ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ara-pitantanam-bola kanefa niaraka tamin'ny porofon'ny fampitàna tamin'ny Fanarahamaso ara-pitantanam-bola. Ho amin'izany, ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mangataka amin'ny Fanarahamaso ara-pitantanam-bola ny fanomezana fanamarinam-paharaisana ireo volavolan-tetibola ho fanamarinana ny fampitàna.

Vokatr'izany, ho an'ireo Faritany, Faritra sy Kaominina andrenivohitra, dia tsy maintsy hamarinin'ny Solontenam-panjakana ny fisian'ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ara-pitantanam-bola na, raha tsy nisy izany, dia ny taratasy fanamarinam-paharaisana.

TSARA HO MARIHINA

Noho ny fizakan-tena ara-panjakana sy ara-bolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana iantohan'ny Lalàmpanorenana, dia filankevitra ihany ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ara-pitantanam-bola ary natao hanazavana fotsiny ihany ny fanapahan-kevitry ny Solontenam-panjakana.

III.2.1.1.2. Ny fanajana ireo fepotoana voatondro ho an'ny fivoriana ara-bola

Feran'ny lalàna laharana faha-2014-020 toy izao manaraka izao ny tetiandro ara-tetibola ho an'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (andininy faha- 75) :

Kaominina	Tapany faharoa amin'ny volana aogositra (n-1)
Faritra	Tapany faharoa amin'ny volana septambra (n-1)
Faritany	Tapany voalohany amin'ny volana oktobra (n-1)

Tsy azo ihodivirana izany fepotoana izany ary tsy maintsy hajaina mba ahafahana, amin'ny andaniny, ho an'ny vondrombahoakam-paritra, miomana amin'ny taom-piasana ara-tetibola vaovao ary amin'ny ankilany, tsy iharan'ny tetibola tsy mamaly ny safidiny. Satria :

- rehefa tsy nankatoavina anatin'ny fepotoana ara-dalàna ny tetibola, ny Solontenam-panjakana dia mandray ny Fitsarana mikasika ny fitantanam-bola izay manome tolo-kevitra mikasika ny fankatoavana ny tetibola (andininy faha- 166 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 mikasika ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana sy ny Fitsarana misahana ny fitantanam-bola novain'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004). Hefaina vonjimaika amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Solontenam-panjakana vokatry ny tolo-kevitry ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola.
- Noho ny fangatahan'ny Solontenam-panjakana, dia ampanantsoin'ny Filohany ny rafitra mpanapakevitra hanatrika fivoriana tsy ara-potoana mandritra ny 5 andro. Raha toa ka tsy nankatoavina mialoha ny fiafaran'ny fivoriana ny tetibola, dia ampanankerezina tanteraka amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny mpanalàlana (andininy faha-83 sy 154 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020). Iharan'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna tanterahin'ny Solontenam-panjakana ihany koa ny tetibola nataon'ny mpanalàlana.

Dingan'ny paikady raha toa ka tsy nankatoavina ara-potoana ny tetibola

III.2.1.1.3. Fanarahamaso ireo tsy fetezana araka ny endrikendrika

Ny fanarahamaso atao dia mahakasika ny tandrifim-pahefan'ny mpandray, ny fifanarahan'ny fanapahana momba ny endrikendrika (antonantony, fitsiahy raka ny lalàna, sonia), ny fetezan'ny fiantsoana sy ny fandaminana ny fivorian'ny Filankevitra. Tanterahina manaraka ny paikady voalaza etsy ambony ho an'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ireo fanarahamaso ireo.

III.2.1.1.4. Ireo tovana amin'ny tetibola

Ambonin'ireo antontan-taratasy mahazatra ilaina amin'ny fivorian'ny filankevitra, toy ireo fanapahana sy fitànana an-tsoratra izay tsy maintsy ampanarahana ny tetibola, dia atovana amin'izany ihany koa (Jereo manokana, ireo andininy faha-147 sy 167 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 ary indrindra ny andininy faha-39 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959) :

- ny tabilao famintinana ireo hetra sy haba ;
- ny rindran-damin'ny vondrombahoakam-paritra izay nankatoavin'ny Filankevitra ;
- ny tabilao mirakitra ny isan'ny mpiasa araka ny karazan'asany avy ;
- ny soratry ny trosan'ny vondrombahoakam-paritra ;
- ny vinavinan'ireo fanampiana ara-bola;
- ny soratr'ireo fanana-mifaka sy ny famerenan-drenivola ;
- ny vokatr'ireo kaontim-panjakana nankatoavina farany ;
- ireo tetikasa laharam-pahamehana hotanterahina mandritra ny fepotoana iasana ;
- ny fandaharan'asa fampiasam-bola isan-telo taonan'ny vondrombahoakam-paritra ;

- ny fandaharan'asa ho fanafoanana ireo trosam-panjakana ;
- ny lisitra arahin'anarana momba ireo ambiny hotakiana,
- ireo taratasy arahin-toky fanomezan-tànana ara-bola na ny lisitr'ireo fifanaraham-pamatsiam-bola vita sonia ;
- ireo fifanarahana rehetra misy fiantraikany ara-bola amin'ireo vondrombahoakam-paritra, ka tafiditra anatin'izany ireo mahakasika ny fiombonan'ny vondrombahoakam-paritra na ny fiarahamiombon'antoka itsinjaram-pahefana ;
- ny fanadihadiana ireo vidy maneho ny mampitombina ny-tetibola ary ny mampitombina ny safidin'ireo fandaharan'asa hotanterahina ;
- ny tabilao famerenan-trosa sy vola nalaina mialoha nindramina.

Azo ampiarahina amin'ny tetibola fiandohana ireo toromarika rehetra mety hanazava ny safidy ara-tetibola. Ohatra, ireo angom-baovao momba ny antontan'isa sy ara-pitantanam-bola toy ny isan'ny mponina ao amin'ny vondrombahoakam-paritra ;ny fitsinjarana ny tena fandaniana isaky ny mponina tsirairay ; ny vokatr'ireo hetra sy haba isan'olona, sns. Na izany aza, misy ireo atotan-taratasy fanamarinana ny tetibola tsy maintsy arafitra.

III.2.1.1.5. Ny fitanisam-pitsipika ara-tetibola

Tsy maintsy manaja ny fitanisam-pitsipika sy ireo tetibola lasitra, faritan'ny didy amam-pitsipiky ny fitantanam-bolam-panjakana ary ny torolàlana momba ireo paikady ara-tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra izy ireo.

Marihan'ny andininy faha-145 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 fa anaovana didim-pitondrana raisin'ny Minisitry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ny fomba fanolorana sy ny fitanisam-pitsipiky ny tetibolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Kanefa raha tsy misy izany didim-pitondrana izany, dia raisina ho fototra ny didy amam-pitsipika misy ankehitriny.

Vokatr'izany dia :

- atolotra toy ny endriky ny tetibola fandaharan'asa ny tetibola (andininy faha-139 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020) ary ahitàna sokajy roa izany (andininy faha-19 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959) :
  - ny sokajy voalohany dia manambara ireo lahasa ho fampandehanan-draharaha na amin'ny vola miditra izany na amin'ny vola mivoaka ;
  - ny sokajy faharoa dia manambara ireo lahasa fampiasam-bola hamokarana, atolony amin'izany ireo vola miditra hamokarana sy izay heverina hampiasana azy.
- tsy mety hanaovana tambiny ao amin'ny vola miditra ao amin'ny sokajy fampiasam-bola hamokarana ireo fandaniana ao amin'ny sokajy ho

fampandehanan-draharaha (andininy faha-20 amin'izany didim-panjakana izany).

- Aparitaka isaky ny toko, andininy faha- ary paragrafy isaky ny sokajy tsirairay avy ireo sorabola. Mifandraika amin'ny fizarazarana ahitàna marika roa ny toko ara-tetibola, ireo andininy faha- amin'ny fizarazarana ahitàna marika telo ary ny paragrafy amin'ny fizarazarana ahitàna marika efatra.
- ny lasitry ny tetibola fiandohana dia mampitaha ireo faminavinana ara-tetibolan'ny fepotoana iasana amin'ireo faminavinana natao mandritra ny fepotoana iasana teo aloha ary koa ny kaontim-pitantanana fantatra farany. Ireo fitsiahy momba ny tentiny notanterahina tamin'ny kaontim-panjakana dia ahafahana mampitaha ireo vinavina amin'ireo fanatanterahana teo aloha fa tsy amin'ny vinavinan'ny fepotoana iasana teo aloha ihany akory.

III.2.1.2. Fanarahamaso ny votoatin'ny tetibola

III.2.1.2.1. Hamarinina ireo kajy

Tsy maintsy hamarinin'ny Solontenam-panjakana ny mampitombina ireo kajin'ny fanambarana isan-tsokajy, toko, andininy faha- ary paragrafy anatin'ny tetibola mba hiantohana fa tsy misy fahadisoana ara-materialy mety hanohintohina ny fifandanjan'ny tetibola. Arenina miaraka amin'ireo manam-pahefana mahefa eo an-toerana ireo fahadisoana ara-materialy.

III.2.1.2.2. Hamarinina ny mampitombina ny fanoratana ara-tetibola

Tsy maintsy tandreman'ny Solontenam-panjakana ny mampitombina ireo vinavina ara-tetibola (andininy faha-147 amin'ny lalàna laharana faha-2014-0120 sy andininy faha-11 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959).

Izany dia tombanina amin'ny fomba marim-pototra izany hoe tsy misy fanombanana tafahoatra na fanombanana latsaka loatra ho an'ireo lahatsoratra anatin'ny tetibola.

Ny fanarahamaso ny fahamarinam-pototry ny vinavina dia mahakasika indrindra ny :

- ho an'ireo vola ara-ketra miditra, mikasika ny mampitombina ny isan'ireo fakan-ketra sy ny vokatra heverina ho tratra noho ny fampiharana ireo taha nankatoavina ho an'ny karazan-kaba tsirairay ;
- ho an'ireo vola miditra tambin'ny asa nohefaina sy ireo vokatry ny fananan-tany, mikasika ny mampitombina ny isan'ireo fanatanterahan'asa sy ny vokatra notombanana noho ny fampiharana ireo sarany nankatoavina ;
- Amin'ny ankapobeny, mikasika ny mampitombina ireo vinavina noho ny fampitahana ireo tentiny voasoratra amin'ny kaontim-pitantanana farany. Tsy maintsy hamarinina ny fiovaovana mafonja voasoratra raha ampitahaina amin'ny kaontim-panjakana teo aloha.

TSARA HO MARIHINA

Manaisotra ny fifehezana ny fanoratana ireo fandaniana noheverin'ny Filankevitra ny fanombanana tafahoatra satria sombiny amin'ny fandaniam-bola ihany no azo tanterahina sy ampiasain'ny lehiben'ny mpanatanteraka araka ny fiheverany azy. Vokatr'izany dia tsy izay nirian'ny rafitra mpanapakevitra mitambatra ireo fandaniana fa ireo izay nampiharin'ny mpanalàlana ny tetibola, arakaraka ireo laharam-pahamehana ary araka ny tena loharanom-bola.

III.2.1.2.3. Hamarinina ny fifandanjana marin'ny tetibola

Ny foto-kevitry ny fifandanjan'ny tetibola dia fotokevi-dehiben'ny fitantanam-bolam-panjakana ary mihatra tanteraka amin'ny fitantanam-bola ifotony. Foto-kevitra tsy maintsy tandreman'ny Solontenam-panjakana manokana izany Avoitran'ny lalàna tanteraka izany. Noho izany :

- voalazan'ny andininy faha-144 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 fa tsy maintsy laniana anatin'ny fifandanjana ny tetibolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- ambaran'ny andininy faha- 139 amin'izany lalàna izany ihany koa fa tsy maintsy atolotra anatin'ny fifandanjana ireo sokajy ho fampandehanan-draharaha sy ho fampiasam-bola hamokarana.
- ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 kosa dia milaza (andininy faha- 14) fa ny tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy atolotra sy fidiana amin'ny fifandanjana marina ary ny andininy faha-22 dia milaza fa ny sokajy fampiasam-bola hamokarana amin'ny teti-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mandrakotra ny 15% farafahakeliny amin'ny fidiram-bola azy manokana.

Lazaina fa mifandanja marina ny tetibola raha toa ka laniana anatin'ny fifandanjana ny sokajy ho fampandehanan-draharaha sy ny sokajy ho fampiasam-bola hamokarana. Ny ambim-bava amin'ny vola miditra sy mivoaka ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha dia tsy mariky ny tsy fifanjandana akory fa azo lazaina ho fahafaha-mizakatena ara-bola. Ny tombambidin'ny famatsiam-bola samirery dia tokony ahafahan'ny Kaominina manoratra ny fampiasam-bola hamokarana 15% farafahakeliny amin'ny fidiram-bola azy manokana ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha (izany hoe ny fidiram-bola voalazan'ny toko faha-70, 71, 72, 76 ary 77).

Ohatra : Raha misy Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manana fidiram-bola azy manokana mitentina 200, ny tombambidin'ny fandaniana ho an'ny fampiasam-bola hamokarana dia tokony ho 30 farafahakeliny (200 x 15 / 100). Raha toa ka ka mitentina 15 ny fidiram-bola ho an'ny fampiasam-bola hamokarana, ny teti-bola dia tokony hisy famatsiam-bola samirery

mitentina 15. Ny tombambidin'ny famatsiam-bola samirery dia soratana anatin'ny kaonty 1200 Vokatra – Ambimbavan'ny fampandehana-draharaha, ary ao amin'ny fidiram-bola ho an'ny fampiasam-bola hamokarana kaonty 1064 Ambimbavan'ny fampandehanan-draharaha averina ho renivola.



Na izany aza, raha toa ka misy fihenan-danja (toko 68) ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha ao anatin'ny teti-bola, io tombambidy io dia ampifanampiana amin'ny ambimbavan'ny fampandehanan-draharaha (kaonty 1200) ahafahana mikajy ny tahan'ny fidiram-bola azy manokana 15%.

- rehefa heverin'ny Solontenam-panjakana fa tsy nolaniana anatin'ny fifandanjana ny tetibola dia mandray ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola anatin'ny fepotoana iray volana izy mba hizahàna ny fandikan-dalàna ary manolo-kevitra amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika momba ireo fepetra ilaina mba hanarenana ny fifandanjana (andininy faha-167 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 mikasika Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana sy ny Fitsarana momba ny Fitantanam-bola novain'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004.
- Raha toa ka tsy nandray fanapahana vaovao anatin'ny fepotoana iray volana ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana na raha toa ka heverin'ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola, izay manambara ny heviny anatin'ny fepotoana 15 andro manomboka tamin'ny fampitàna ny fanapahana, ho tsy ampy ireo fepetra noraisina dia faranana sy ampanankerezin'ny Solontenam-panjakana ny tetibola.

- *raha tsy nahavita ny anjara andraikiny ny Filan-kevitra dia ny Mpanatanteraka no mitondra ny raharaha eo anatrehan'ny Solotenam-panjakana, dia toy izany hatrany,*
- *raha toa ka tsy nahavita ny anjara andraikiny ny Mpanatanteraka, dia anjaran'ny Filankevitra no mampahafantatra ny Solotenam-panjakana ahafahany mandray ny fepetra rehetra ilaina.*

Dingana lalovana amin'ny paikady raha toa ka nankatoavina tsy anatin'ny fifandanjana ny tetibola



III.2.1.2.4. Hamarinina ny fanoratana ireo fandaniana tsy azo ihodivirana

Tsy maintsy hita anatin'ny tetibola ireo fandaniana tsy azo ihodivirana ary anaovana fanoratana sorabola ampy. Amin'izany dia tsy maintsy tandreman'ny Solontenam-panjakana fatratra ny fanoratana ireo fandaniana. .

III.2.1.2.4.1. Lisitr'ireo fandaniana tsy azo ihodivirana

Araka ny voalazan'ny lalàna laharana faha-2014-020 (andininy faha-166) sy ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 (andininy faha-35), dia tsy azo ihodivirana ireto fandaniana manaraka ireto :

- ireo vesatra momba ny mpiasa : karama, tambin-karama sy tombontsoa, latsakemboka, latsakemboka ara-tsosialy, latsakemboky ny mpampiasa, latsakemboka ho an'ny fisotroan-dronono ;
- ny fandraisana anjara amin'ny tetibola ho fampandehanana ireo raharaha iombonan'ireo Vondrombahoakam-paritra maromaro ;
- ireo fandraisana anjara ho fizakàna ireo famatsiam-bola hamokarana mandritra ny fepotoana iasana ;

• ireo onitra vokatry ny fanatanterahana didim-pitsarana mikasika ny andraikitry ny vondrombahoakam-paritra na ho an'ireo mpikambana ao amin'ireo rafiny izany na ho an'ny hafa ;

• ny fanonerana ireo trosa sy ny zanabolany, ny fanonerana ireo trosa azo takiana ;

• ny fandrakofana ireo fatiantoka teo aloha ;

• ireo fandaniana mifandraika amin'ny tombontsoa sy tambin-karaman'ireo olom-boafidin'ny vondrombahoakam-paritra ;

• ny fandaniana momba ny rano, ny jiro, ny paositra sy ny latsakemboka momba ny fifandraisan-davitra ary ny hofan-trano ;

• ireo fiantohana mifangitra amin'ny fitaovam-pivezivezena ananan'ny vondrombahoakam-paritra ;

• ireo fandaniana hafa rehetra izay voalazan'ireo fepetra araka ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manankery mazava ny maha-tsy azo ihodivirana azy (ohatra ireo lalàna isan-taranja).

III.2.1.2.4.2. Paikady raha toa ka misy fanadinoana fandaniana tsy azo ihodivirana

• raha toa ka heverin'ny Solontenam-panjakana fa tsy voasoratra anatin'ny tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra ny fandaniana tsy azo ihodivirana iray na nosoratana fa tsy ampy ny tentiny dia raisiny ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola izay manana fepotoana iray volana mba hizahana ny fandikan-dalàna sy hampilazàna ny vondrombahoakam-paritra mba hanitsy ny tetibolany.

• Raha toa ka tsy nisy tohiny tao anatin'ny fepotoana iray volana ny fampilazàna, dia angatahin'ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola ny Solontenam-panjakana mba hanoratra ao amin'ny tetibolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny tentin'ny fandaniana tsy azo ihodivirana hadino ary, ho setrin'izany, ny loharanom-bola vaovao na ny fampihenana ireo fandaniana azo ialàna. Tanterahin'ny Solontenam-panjakana izany ary ampanankereziny ny tetibola voahitsy. Azon'ny Solontenam-panjakana ialàna ireo tolokevitry ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola raha toa ka hamarininy ny fanapahan-keviny (andininy faha-168 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 mikasika Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana sy ny Fitsarana momba ny Fitanantanam-bola novain'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004).

Dingana arahina amin'ny paikady raha toa ka misy fandaniana tsy azo ihodivirana iray tsy voasoratra

TSARA HO MARIHINA

Misy tranga telo izay ahafahan'ny Solontenam-panjakana mandray ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola ka mety hahatongavana amin'ny fampanatanterahana na ny fanitsiana ny tetibola ka izany dia tsy voatery ho fantatry ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana raha toa izy ka tsy mandray ireo fepetra ilaina :

Raha toa ka tsy nankatoavina tanatin'ny fepotoana araka ny didy amampitsipika ny tetibola ;

Raha toa ka tsy nakatoavina ny tetibola satria tsy mifandanja, ary,

Raha toa ka nisy fandaniana tsy azo ihodivirana tsy voasoratra na fanoratana tentiny tsy ampy ho an'izany fandaniana izany.

III.2.1.2.5. Hamarinina ny mampitombina ireo loharanom-bola

Mahakasika ny mampitombina ny loharanom-bola tsirairay araka ny voafaritry ny Lalàmpanorenana (andininy faha-147) sy ny lalàna laharana faha-2014-020 (andininy faha-180 sy ny manaraka) ireo fanamarinana atao ka tsindriana manokana amin'izany :

- ny fanarahan'ireo loharanom-bola ara-ketra ny lalàna (hetra) izay tsy maintsy nomen'ny lalàna iray alàlana. Toy izao no voalazan'ny andininy faha- 183 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 voatsiahy etsy ambony : « heverina ho toy ny loharanom-bola avy amin'ny hetra, ary

tsy azo foronina noho izany, raha tsy amin'ny alàlan'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, ireo fakam-bola tsy maintsy atao, ny sara ary haba izay tsy misy setriny mivantana amin'ny tsirairay ». Izany hoe tsy manana tandrifim-pahefana hamorona loharanom-bola ara-ketra ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

- ny fifanarahan'ireo tombany sy tahan'ny hetra amin'ny fampitaha araka ny didy amam-pitsipika (izany hoe ireo izay feran'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra sy ny lalàna momba ny fitantanam-bolan'ny taona voakasika) ;
- ny fifanarahan'ireo loharanom-bola tsy ara-ketra (saran'ireo andraikitra nohefaina, haba, tamberim-bidy, loharanom-bola samihafa, sns) amin'ny tombany feran'ny rafitra mpanapa-kevitra ;
- ny mampitombina ireo fanampiana ara-bola, fanomezana sy findramam-bola, raha toa ka misy izany. Ireo loharanom-bola andrandraina amin'izany dia tsy maintsy mifototra na amin'ireo fifanarahana tamin'ireo mpiaramiombon'antoka ara-panjakana na tsy miankina (fanampiana ara-bola sy fanomezana), na (raha mahakasika ny findramam-bola), amin'ireo fifanarahana findramam-bola araka ny paikady faritan'ny andininy faha-faha - 167 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020.
- ny paikady natokana mba ahazoana vatsim-bola : tsy maintsy ahazoana naoty avy amin'ny Tahirimbolam-panjakana, izay manome ny fankatoavana sy mametra na ny faharetany na ny fetrandro fanonerana azy, ny vatsim-bola rehefa hefaina ;

III.2.1.2.6. Hamarinina ny mampitombina ireo fandaniana

Mahakasika ny lalàna sy ny mampitombina ireo lahatsora-pandaniana samihafa ny fanamarinana atao. Noho izany, dia hamarinin'ny Solontenam-panjakana indrindra :

- ny fifanarahan'ireo tombontsoan'ireo olom-boafidy amin'ny didy amam-pitsipika (jereo torolàlana momba ny paikady ara-panjakana : mahakasika ireo tombontsoan'ny olom-boafidy) ;
- ny fifanarahan'ireo karama omena ireo mpiasa tsy anaty antokon-draharaha amin'ireo fifanarahana arak'asa izay mamatotra azy ireo ;
- ny fifanarahan'ireo tambin-karama omena ireo mpiasa amin'ireo fanapahana noraisin'ny Filankevitra ;
- fa ireo fandaniana voasoratra anatin'ny tetibola dia tafiditra tsara anatin'ireo iraka ampanaovina ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (andininy faha-36 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959).

III.2.1.2.7. Hamarinina ireo foto-kevitra fototry ny lalàna momba ny tetibola :

Voambaran'ny didim-panjaka laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jiona 2015 ireo foto-kevitra ireo. Amin'izany, dia hamarin'ny Solontenam-panjakana indrindra :

- ireo vola miditra rehetra sy ireo vola mivoaka rehetra dia tafiditra anaty antontan-taratasy tokana ivondronan'ireo lahasa ara-tetibola sy ara-pitantanam-bola rehetran'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (foto-kevitra miorina amin'ny maha-tokana ny tetibola). Ireo tetibola tovana dia hefaina hanohanana ny tetibola fototra (andininy faha-10 amin'ny didim-panjakana) ;
- Hita taratra anatin'ny tetibola ny tentiny fenon'ireo vola miditra andrasana sy ireo fandaniana hohefaina mandritra ny fepotoana iasana ary tsy misy fifanonerana eo amin'izy ireo (foto-kevitry miorina amin'ny fitambarana, andininy faha-11 amin'ny didim-panjakana) ;
- tafiditra anatin'ny taona sivily iray ny tetibola ka manomboka ny 1 janoary ary miafara ny 31 desambra (foto-kevitra miorina amin'ny maha-taona iray ny tetibola, andininy faha-7 amin'ny didim-panjakana) ; ary, farany,
- mahasarona ireo fandaniana rehetra ny vola miditra rehetra (foto-kevitra miorina amin'ny tsy fanekena ny fanokanana vola miditra mazava ho an'ny fandaniana mazava), ankoatra ireo fanavahana manokana voalazan'ny lalàna : vokatr'izany, noho ny karazany na ny hampiasana azy, dia azo atao ny manokana mivantana ny vola miditra sasany ho amin'ireo fandaniana sasany, indrindra ireo fanampiana ara-bola ho fampandeha-draharaha, ireo tetibola tovana sy tahirim-bola ho fanohanana (andininy faha-12 amin'ny didim-panjakana).

III.2.2. Ny fanarahamaso ireo tetibola fanampiny sy fanitsiana

Momba ireo tetibola fanampiny sy fanitsiana, dia ampanarahina ny lasitra ny tetibola fototra ihany koa izy ireo ary manaja ireo paikady fanarahamaso toy ity farany. Kanefa, satria manana tanjona manokana avy izy ireo, dia ireto ambara manaraka ireto no mampiavaka azy, raha araka ny lalàna laharana faha-2014-020 (andininy faha-155) ary indrindra ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jiona 2015 (andininy faha-23 sy 47 ary 66 sy ny manaraka) :

- Ny tetibola fanampiny :

Mandray ny vokatry ny fepotoana iasana teo aloha izy ary koa ny ambin'ireo hotanterahina tafiditra anatin'ny kaontim-panjakana.

Hamarinin'ny Solontenam-panjakana ny fanoratana ny vokatra avy amin'ny kaontim-panjakana tamin'ny taom-piasana farany sy ny fanoratana ireo vola mbola tsy voaray. Mitovy amin'ny fanamarinana atao amin'ny teti-bola fiandohana ny sisa (jereo III. 2. 1. 2).

- Ny tetibola fanitsiana :

Atolony ireo sorabola fanampiny mandritra ny fepotoana iasana taorian'ny vola miditra vaovao na ny fandaniana vaovao. Azony atao ihany koa ny mitondra fanovana amin'ireo sorabolan'ny vola miditra sy ny fandaniana, vaotondro anatin'ny tetibola fototra.

Ny fanarahamaso dia mitovy amin'ireo natao tamin'ny tetibola fiandohana (jereo III.2.1.2)

TSARA HO MARIHINA

Laniana amin'ny fepetra mitovy ary ampiharana ireo fepetra takian'ny fanarahamaso ny fifanarahan-dalàna toy ny tetibola fototra ihany koa ny tetibola fanampiny, ny tetibola fanitsiana ary koa ny kaontim-panjakana.

III.2.3. Ny fanarahamaso ny kaontim-panjakana

Eto ihany koa, amin'ny maha-antontan-taratasy manoritra ireo vokatry ny fepotoana niasana teo aloha, dia ampiharana paikady mitovy tahaka ireo antontan-taratasy momba ny tetibola hafa ny kaontim-panjakana, araka ny efa notsiahivintsika. Manana ireo mampiavaka azy kosa anefa izy izay tsy maintsy jeren'ny manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso akaiky (jereo lalàna laharana faha-2014-020 andininy faha- 152, 170 sy ny manaraka ary ny didim-panjakana laharana faha-2015-959, andininy faha- 62 sy ny manaraka) izay tsiahivintsika toy izao manaraka izao :

- Ataon'ny lehiben'ny mpanatanteraka farafahatarany aorian'ny volana fahatelo amin'ny fepotoana iasana izay mahakasika azy ny kaontim-panjakana
- Ahitàna ireo vola tena niditra sy ireo fandaniana voadidy nataon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny elanelana misy eo amin'ny fanatanterahana sy ny vinavina nasiam-panitsianan'ny tetibolan'ny taona ireo ao anatin'ny kaontim-panjakana. Tsy maintsy ankatoavin'ny rafitra mpanapakevitra amin'ny fiandohan'ny fivoariana voalohany ao aorian'ny taona nanatanterahana azy izy.

TSARA HO MARIHINA

Ho an'ireo Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa, dia tanterahin'ny lehiben'ny mpanatanteraka ny kaontim-panjakana ka izany dia arahin'ny tolo-tànan'ny Solontenam-panjakana mahefa eo an-toerana na ny nomeny fahefana (andininy faha- 63 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959

- Atovana amin'ny volavolan-kaontim-panjakana :
  - ny fanambarana ankapobe ny fifanarahan'ny kaonty manokan'ireo mpitan-kaonty sy ny fitanan-kaontin'ny mpanalàlana ;
  - ny kaonty momba ny fitaovana mandritra ny fepotoana niasana tamin'ny taona teo aloha ;
  - ny kaontin'ireo titra sy taratasy solom-bola.
- Ny mpitan-kaontim-panjakana mahefa dia manome fanambarana akapobe momba ny fifanarahana aorian'ny fampitahana ireo soratra ananany amin'ireo an'ny mpanalàlana.

TSARA HO MARIHINA

Tsara ny manamarika etoana fa raha toa ny kaontim-panjakana ka tsy maintsy anaovana ny fanarahamaso avy ao aoriana ny fanarahan-dalàna izay ataon'ny Solontenam-panjakana, ny kaontin'ny mpitan-kaonty kosa dia ampiharana ny fanarahamaso ataon'ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola mahefa eo an-toerana ka anjarany amin'izany ny manaiky na tsia ny fanomezana ny fankatoavam-pitantanana (quitus de gestion) (andininy faha- 176 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

III.3. Ny fanarahamaso ireo sora-draharaha fifanarahana momba ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana

Hefain'ny manam-pahefana mpandrindra ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana (ARMP) izany fanarahamaso izany (andininy faha-179 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020). Tsy tafiditra izy noho izany ao anatin'ny sehatra arahin'ny Solontenam-panjakana maso.

Kanefa amin'ny maha-sora-draharaha fifanarahana ataon'ny lehiben'ny mpanatanteraka sonia azy dia tsy maintsy ampiharana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna izy na dia ny Manam-pahefana Mpandrindra aza no manatanteraka ny ampahany maro amin'ny fanarahamaso.

Ho amin'izany, ny Solontenam-panjakana dia manamarina :

- ny fanapahan'ny Filankevitra anomezan-dàlana ny komandy anton'ny fifanaraham-barotra noraisina,
- ny tandrifim-pahefan'ny mpanao sonia ny fifanaraham-barotra (ny lehiben'ny mpanatanteraka na ny mpisolotoerana vonjimaika azy araka ny lalàna na ny nomeny fahefana ka hamarinina amin'izany ny didim-pitondrana nanomezam-pahefana) ;
- ny sehatra anaovana ny fifanaraham-barotra natao dia tafiditra tokoa anatin'ny tandrifim-pahefan'ny vondrombahoakam-paritra ;
- ny fifanaraham-barotra dia mamaly tokoa ny tombontsoan'ny besinimaro ka tsy misy noho izany fanodikodinam-pahefana na ny fifanolanana momba ny tombontsoa (conflit d'intérêt).

III.4. Fanarahamaso manokana momba ireo sora-draharaha raisina anatin'ny fitantanana ny fananan-tany (BIF)

Ireo sora-draharaha ireo dia ampiharana ny paikady fanarahamaso araka ny endrikendrika mitovy amin'ny an'ireo voalaza etsy ambony ho an'ireo sora-draharaha ara-panjakana hafa (fanolorana, tandrifim-pahefan'ny mpandray, sonia, antonantony, sns).

Tsy maintsy hamarinin'ny Solontenam-panjakana kosa fa ny fanomezan'ny Ben'ny Tanàna ny kara-tany dia notanterahina manaraka ny paikady voatondron'ny lalàna (Jereo indrindra ny torolàlana mikasika ny paikady ara-panjakana, sokajy momba ny fitantanana ifotony ny fananan-tany[1]).

Izany paikady izany dia ahitàna dingana efatra :

- ny fanadihadiana ny fangatahana ;
- ny fampahafantarana ny besinimaro ;
- ny fizahana ifotony ;
- ny fanomezana ny kara-tany.

1. Fanadihadiana ny fangatahana :

- Fangatahan'ny voakasika eo anivon'ny Birao ifotony fananan-tany miaraka amin'ireo fanamarinana misy hoenti-manohana izany ;
- Fitsirihana ny sombintany angatahina anatin'ny drafitra ifotony momba ny fampiasana ny tany ary fanamarinana ny satan'ny sombintany ;
- Fanaovan'ny mpiasan'ny Birao ifotony ny baikom-pandoavana aorian'ny kajy ;
- Fandoavanan'ny mpangataka ny saran'ny fanaovana kara-tany takiana ka azo atao ny mandoa izany indroa miantoana ;
- Fandraisana ny vola voaloa eo anivon'ny tahirimbola kaominaly na ny mpitantana (régisseur) ka anomezana fanamarinam-paharaisana izany ;
- Famenoana ny takila fangatahana ataon'ny voakasika ;
- Firaketana ny fangatahana anatin'ny rejisitry ny fangatahana ary fandraisana ny takila fanamarinam-pandoavana ;
- Fanokafana anatontan-taratasy momba ny sombintany. Miantomboka amin'ny fametrahana ny fangatahana dia azo raisina avokoa izay mety ho fanohanana ;

1 Ireo singa entina eto dia noraisina tao amin'izany torolàlana izany izay azo jerena ny andinindininy mahakasika ny fitantanana ny fananan-tany ataon'ny manam-pahefana ifotony.

2. Fampahafantarana ny besinimaro :

- Fanapahan-kevitry ny Ben'ny tanàna amerana ny vaninandro hanaovana ny fitsirihana ary koa ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera ;
- Fanaovana afisy ny fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna mandritra ny 15 andro eo amin'ny fametahana afisim-panjakan'ny Kaominina ;
- Fandefasana ny fiantsoana ireo mpifanolo-bodirindrina, ireo nanao fanohanana sy ireo izay rehetra mety ho tandrify ;
- Fametrahan'ny mpangataka marika vitsivitsy ho fetran'ny sombintany ;
- Fanamarinana fametahana afisy omen'ny Ben'ny Tanàna sy ny Lehiben'ny Fokontany ;
- Fampidirana ny taratasy fanamarinana fametahana afisy anatin'ny antontan-taratasy.

3. Fanamarinana ny fisian'ireo zo amin'ny alàlan'ny fitsirihana :

- Fanendrena ny Filohan'ny Vaomieran'ny fitsirihana ka izany dia atrehan'ny voakasika ;
- Fanentanana ny fitsirihana sy fitànana an-tsoratra ataon'ny mpiasan'ny Birao Ifotony ;
- Fizahana ifotony sy anatin'ny sarintany ireo fetran'ny tany. Afaka mandray fitenenana ny mpangataka, ny mpifanolo-bodirindrina sy ny mpanao fanohanana ;
- Fanadihadiana momba ny zo, fampiasana, fetra, fanohanana ataon'ny mpikambana ao amin'ny vaomiera izay mandamina ihany koa ireo fanohanana rehetra ;
- Fanomezan'ireo mpikambana ao amin'ny vaomiera ny fanehoan-kevitr'izy ireo ;
- fanoratana sy famakiana ny fitànana an-tsoratra ataon'ny mpiasan'ny Birao ifotony ary arahin'ny fanaovan-tsonia ;
- Fanaovana peta-drindrina ny sombiny amin'ny fitànana an-tsoratra mandritra ny 15 andro. Mbola azo raisina avokoa ny fanohanana rehetra ;
- Raha toa ka nisy fanohanana tsy voavaha mandritra na taorian'ny fitsirihana, ny Filohan'ny Filankevitra miaraka amin'ny roa amin'ireo mpikambana ao aminy dia manapaka amin'ny alàlan'ny didy fampihavanana. Azon'ny voakasika atao ny manao fitoriana eo anivon'ny Fitsarana ady madio manohitra izany didy fampihavanana noraisin'ny Filankevitra izany anatin'ny 20 andro naharaisany azy ;
- Didim-pitsarana raikitra.

4. Fanaovana ny karatany :

- Rehefa tsy misy fanoherana intsony na rehefa voalamina avokoa ny fanohanana rehetra, hamarinin'ny mpiasan'ny Birao ifotony ny tohin'ny paikady ary aloa'ny voakasika ny antsasany faharoa raha toa ka natao indroa mandoa ny vola hefainy ;
- Fanavaozana ny sarintany ary firaketana ny zo anatin'ny rejisitra momba ny sombintany ;
- Fanaovana ny karatany ;
- Fanaovan-tsonian'ny Ben'ny Tanàna ny rejisitra momba ny sombintany sy ny karatany ;
- Fandefasana ireo angom-baovao amin'ny Foibe Fanangonana ireo Angom-baovao momba ny tany (Centre de Ressources et d'Informations Foncières na CRIF) ;
- Fanomezan'ny mpiasan'ny Birao ifotony ny karatany ho an'ny mpangataka izay manjary tompontany noho izany.

TSARA HO MARIHINA

Voafetra amin'ireo fananana manokana tsy vita titra (tany tsy vita titra tsy vita kadasitra) sy amin'ireo tanin'ny Kaominina azo amidy

IV. NY TOHIN'IREO VOKATRY NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA

Rijan-teny fitsiahy :

- *Andininy faha-26 sy 28 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 ;*
- *Andininy faha- voalohany sy faha-9, 11, 17 sy ny manaraka ; andininy faha-26,66, 94 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004, anovàna ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 tamin'ny 9 aprily 2003*
- *Andininy faha-41 sy ny manaraka amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014 ;*
- *Andininy faha-10 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jona 2015.*

IV. 1. Ny dingana mialoha ny fitsarana

IV.1.1. Dingana mialoha ny mety ho fandraisana ny mpitsara

- Aorian'ny fanadihadiana ataon'ny manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso ny sora-draharaha, dia azony soritana ireo tsy fetezana. Amin'izany dia ampahafantarin'ny Solontenam-panjakana tsy misy fepotoana ary amin'ny alàlan'ny fomba faran'izay haingana ny lehiben'ny mpanatanteraka ireo fanamarihana mikasika ireo tsy fetezana tsapa taorian'ny fahavitan'ny fanarahamaso ny sora-draharaha.
- Rehefa hita ireo fanamarihana ireo, dia azon'ny rafitr'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana atao ny mitondra fanitsiana amin'ny sora-draharaha voakasika. (andininy faha-44 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 mikasika ny fisoloantenam-panjakana).
- Azon'ny roa tonta atao noho izany ny mandamina am-pirahalahiana ny disadisa ary mifanazava am-bava na an-tsoratra mba ahafahan'ny tsirairay mihaino ny fanehoan-kevitry ny ankilany ary mba hisorohana, araka izay azo atao, ny paikady manoloana ny fitsarana, izay tsy fantatra ny mety ho vokany no sady vidiana lafo ara-potoana. Manampy izany dia azo raisina ho toy ny fitoriana amin'ny ambaratonga manoloana ny mpandray ny sora-draharaha izao dingana izao mba hiverenany tsy misy teritery amin'ny fanapahan-keviny na farafaharatsiny, manaiky ny hanitsy azy, arakaraka ny hoe tsy manara-dalàna tanteraka na amin'ny ampahany ilay sora-draharaha.

IV.1.2. Ireo safidy mety homena ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana

Eo am-pandraisana ny taratasin'ny Solontenam-panjakana izay entin'ity farany manazava ny heviny ary anandramany mandresy lahatra ny vondrombahoakam-paritra hiverina amin'ny heviny mba hanitsiana ireo tsy fetezana, manana safidy telo :

- Azony atao ny fisintonana ny sora-draharaha ary mampiato izany, araka ny zava-misy,na manafoana ho fitandroana ny fanajana ny fitovian'endrika (parallélisme des formes) ; foanan'izany tranga izany ireo vokatry ny sora-draharaha izay foanana ihany koa hatramin'ny nandraisana azy.
- Azony atao ny manova ny votoatiny. Raha toa ka afapo amin'ny valin'izany ny Solontenam-panjakana dia ampitaina indray mandeha indray izany sora-draharaha voahitsy izany ka, amin'izany, satria tsy manana hosinganina manokana intsony ny Solontenam-panjakana, dia apetrany amin'ny sora-draharaha ny fomba fanoratra anekena ny fanarahan-dalàna.

• Azony heverina fa tsy mitombina ny tondroina ho tsy fanarahan-dalàna ambara ary manapa-kevitra izy ny hitazona izany sora-draharaha izany. Amin'izany tranga izany, dia ampiharina amin'ny fifanolanana ny andininy faha-45 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 ary ny paikady momba ny fitoriana no hany làlan-tokana azo raisina.

Ao anatin'ny telopolo andro manaraka ny fandraisana ny sora-draharaha,dia ampitain'ny Solontenam-panjakana amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana ny sora-draharaha ary ampahafantariny tsy misy fepotoana ny lehiben'ny mpanatanteraky ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika

IV.2. Ny dingana momba ny fifanolanana

Ny fandavan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hiverina amin'ny fanapaha-keviny no mampisokatra ny dingana momba ny fifanolanana izay hojerentsika etoana ireo fombafomba. Azon'ny Solontenam-panjakana atao ny manao fitoriana ho fanafoanana na ho fanitsiana manoloana ny mpitsara ara-panjakana. Izany fitoriana izany dia antsoina ihany koa hoe fampiakarana ny raharaha. Kanefa, dia tsara ny manamarika fa manaraka fitsipika sy paikady hentitra izany fitoriana izany. Mba ahitantsika ny halalin'izany dia andramantsika hovaliana ireto fanontaniana manaraka ireto : Iza no mampiditra ny fitoriana ? Manoloana ny Fitsarana inona ? Manaraka paikady manao ahoana ? Mampihatona ve ny fitoriana ? Iza no misolotena ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ? Ahoana no hampiakarana ny didy ?

IV.2.1. Iza no mampiditra ny fitoriana ?

• Araka ny andininy faha-26 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021, dia ny Solontenam-panjakana no mampita amin'ny Fitsarana mahefa ny sora-draharaha rehetra heveriny ho tsy mifanaraka amin'ny lalàna. Manana ny fahafahana hampiditra ny fitoriana ho fanafoanana noho izany ireo manam-pahefana miadidy ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, ka izany manam-pahefana izany dia ireto tsiahivintsika ireto : Komisera Jeneraly ho an'ny Faritany, ny Préfet ho an'ny Faritra ary ny Lehiben'ny Distrika ho an'ny Kaominina. Raha vantany vao manapa-kevitra handray ny Fitsarana ny Solontenam-panjakana, dia « tsy maintsy ampahafantariny tsy misy fepotoana ny lehiben'ny mpanatanteraky ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika izany ».

TSARA HO MARIHINA

Ny tsy fanaovam-pitoriana ireo sora-draharaha manan-danja izay mibaribary ny tsy fanarahany lalàna dia mety ho raisina ho toy ny fahotana fahadisoana lehibe mety haha-tompon'andraikitra ny Fanjakana

• Azon'ny Solontenam-panjakana raisina, avy amin'ny fanapahankeviny samirery ny Fitsarana mahefa : fitoriana eo no ho eo (déféré spontané) izany na mandray ny Fitsarana noho ny fangatahan'ny olona matiantoka, izany no antsoina hoe fitoriana noho ny fangatahana (déféré provoqué).

IV.2.2. Manoloana fitsarana manao ahoana no atao ny fitoriana ?

• Araka ny andininy faha- voalohany amin'ny lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004, anovana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 tamin'ny 9 aprily 2003 mikasika ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana sy ny fitantanambola, ireo Fitsarana misahana ny fifanolanana amin'ny Fanjakana mipetraka isaky ny renivohi-paritany dia manana ny tandrifim-pahefana eo an-toerana izay mipaka manerana ny tanin'ny Faritany. Noho izany, dia azo toriana manoloana ireo Fitsarana ireo mahakasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana, ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tafiditra anatin'ny Faritany.

• Ny momba ny tandrifim-pahefana ara-materialy, ny Fitsarana ny ady atao amin'ny Fanjakana sy ny Fitantanambola dia mitsara ka mbola azo akana fitsarana ambony (andininy faha- 9 amin'izany lalàna izany) indrindra :

- ny fanarahamaso ny fifanarahan'ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ireo orin-draharaham-panjakana amin'ny lalàna ;
- ny fangatahana fanafoanana ireo didy sy fifanarahana ara-panjakana noraiketin'ireo manam-pahefana ireo ihany ;
- ireo asa atao ka mahatonga ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ho tompon'andraikitra ;
- ny fifanolanana momba ny hetra sy haba, araka ny voatondron'ny Fehezan-dalàna Ankapobe momba ny Hetra izay navory ho an'ireo vondrom-bahoaka ireo sy ireo orin-draharaham-panjakana.

TSARA HO MARIHINA

Ny Fitsarana misahana ny fifanolanana amin'ny Fanjakana sy ny Fitantanambola dia mahefa mba hitsara ireo sora-draharaha rehetra raisin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ireo orin-draharaham-panjakana ifotony izay mifangitra aminy ary koa ireo vondrona ho fiarahamiombon'antoky ny Kaominina (OPCI) Azon'ireo Solontenam-panjakana ihany na ireo manam-pahefana eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana atao koa ny mila hevitra aminy, mikasika ny volavolan-dalàna mikasika ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny iraka sahanin'ireo Vondrombahoakam-paritra sy ireo rafitra mifangitra aminy.

IV.2.3. Inona avy ireo fitsipika ara-paikady ?

IV.2.3.1. Toetra ankapoben'ny paikady

Mikasika ny fifanolanana amin'ny Fanjakana :

- atao amin'ny endrika ara-tsoratra ny fitoriana (andininy faha- 11 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 voalaza etsy ambony). Tsy tokony handray afa-tsy izay singa vita an-tsoratra anatin'ny antontan-taratasy ny mpitsara indrindra ireo fehin-teny.
- ifanatrehana ny paikady. Izany hoe mifanakalo malalaka ireo antony amaharana ny roa tonta ka amin'izany dia fantantry ny andaniny tsy misy fepetra avokoa ireo antontan-taratasy natolotry ny ankilany ao anatin'ny fepotoana ampy hanomanana ny valiny.
- mahakasika fanapahan-kevitra tokana ny fitoriana ary tsy mikendry afa-tsy izany. Ilaina noho izany ny mametraka fitoriana mitovy isa amin'ireo sora-draharaha toriana.
- Maimaimpoana ny fitoriana ary tsy vesarana hetra mikasika ny hajia.

IV.2.3.2. Fitoriana noho ny fanaparam-pahefana

IV.2.3.2.1. Ny fitoriana

IV.2.3.2.1.1. Endriky ny fitoriana

Mba ho azo raisina, ireo fitoriana famakiana ady dia tsy maintsy ahitàna ireto singa manaraka ireto :

- ny anarana, asa atao na qualité sy ny fonenan'ny mpangataka ;
- ireo fanohanan-kevitra sy fehin-teny ;
- ny dikamitovin'ny fanapahana notorina.

Izany fanondroana izany no ahafahan'ny fitsarana mampita amin'ny roa tonta ireo fifanakalozan-taratasy samihafa sy miantoka ny fifanatrehana amin'ny paikady.

Tsy maintsy arahan'ireo singa fanamarinana heverina fa ilaina ny fitoriana. Atolotra miaraka aminy ireo singa fanamarinana ampiarahina ka atao mitovy isa ny dikamitovy nohamarinina fa mifanaraka ny ataon'ny mpangatakasy ny tompon-draharaha, ankoatra ny hoe raha tsy takian'ny Filoha noho ny antony manokana izany.

IV.2.3.2.1.2. Votoatin'ny fangatahana

Araka ny voatsiahy, etsy aloha, dia tsy maintsy ahitàna ny fanazavana ireo fanohanan-kevitra sy fehin-teny ny fitoriana raha tsy izany dia tsy azo raisina.

- Ny fanohanan-kevitra dia ny antonanton'ny fitoriana, izany hoe ny fanaovana ny antom-pamaharana, na araka ny lalàna na araka ny zava misy, ka avy amin'izany no heverina ahafahan'ny Solontenam-panjakana mandresy lahatra ny mpitsara no mampitombina ny voambarany. Tsy maintsy atao mazava sy tsara soritra ireo fanohanan-kevitra ;
- Fa ny amin'ny fehin-teny kosa dia manambara izay angatahina amin'ny fomba tena mazava izy, aorian'ny fanolorana ireo zava misy, ohatra : fanafoanana fanapahan-kevitra iray.

IV.2.3.2.1.3. Ireo fepotoana

Na dia mety hiteraka fisalasalana aza ny famakiana ny lalàna laharana faha-2001-025[1] , dia ireo fepotoana voalazan'ireo lalàna nakatoavina tamin'ny 2014 mikasika ny fitsinjaram-pahefana no fepotoana ho an'ireo déférés momba ny sora-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Noho izany, ireo fepetra entin'ny andininy faha-26 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 ; faha-45 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 sy 99 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959,dia manondro fa ny fepotoana fandraisana ny Fitsarana dia telopolo andro miantomboka ny naharaisana ny sora-draharaha ka mandritra izany ny Solontenam-panjakana dia afaka manao fitoriana fanafoanana hanoherana ny sora-draharaha noraisin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana

TSARA HO MARIHINA

Ny fepotoana fandraisan'ny Solontenam-panjakana ny mpitsara dia telopolo andro mitovy amin'ny fepotoana fampitàn'ny Vondrombahoakam-paritra ny sora-draharaha mba hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny fepotoana noferana ho amin'ny fampidirana ny fitoriana dia tsy azo ihodivirana ary tsy maintsy hajaina, fa raha tsy izany dia mety tsy azo heverina ny fitoriana nataon'ny Solontenam-panjakana, noho ny tsy azo andraisana azy, ka tsy zahàna akory ny vontoatiny.

Amin'ny tranga sasany anefa dia azo heverina ny fanalavana ny fepotoana :

- raha toa ny fitoriana ka natao manoloana ny fitsarana tsy mahefa (andininy faha-18 amin'ny lalàna nasiam-panovana laharana faha-2001-025) ;
- raha toa ka heverina fa lavitra loatra ny elanelana mitaha amin'ny toerana misy ny Fitsarana, amin'izany dia ampitomboina ny fepotoana analàna ny elanelan-tany ireo fepotoana fitoriana araka ireo fepetra feran'ny andininy faha-129 sy 130 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paikady madio (andininy faha-19 amin'izany lalàna izany)[2] .

1 Ny andininy faha- 17 amin'izany lalàna izany dia maminavina fepotoana telo volana miantomboka amin'ny fampitàna ireo sora-draharaha ho an'ny tandrify na ny fampahafantarana ny besinimaro, saingy fanoroana ankapobeny ihany izany ho an'ireo fitoriana rehetra, kanefa ny fepotoana voatondron'ireo lalàna nankatoavina momba ny fitsinjaram-pahefana dia natokana ho an'ireo fitoriana ataon'ny Solontenam-panjakana.

2 Marihina anefa fa tsy mihatra amin'ny fitoriana ataon'ny olona lésée ireo fepetra ireo izay tsy maintsy ampiharana ny lalàna iombonana raha mikasika ny fepotoana. Noho izany, araka ny lalàna nasiam-panovana laharana faha-2001-025 (andininy faha- 17).

IV.2.4. Mampihantona ny sora-draharaha ve ny fitoriana ?

Raha ny fitsipika ankapobeny, dia tsy mampihantona ny fampiharana ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra na ireo orin-draharaham-panjakana miankina aminy ny fitoriana atao (andininy faha-66 amin'ny lalàna nasiam-panovana laharana faha-2001-025, voalaza etsy ambony). Foto-kevitra fototra ahafahan'ny Fanjakana manatanteraka ireo fanapahan-keviny izany. Kanefa satria mety hiteraka voka-dratsy tsy azo ahitsy ireo fanapahan-kevitra ireo raha toa ka tsy ampiatoana mandram-piandry ny fitsarana ny votoatin'ady, dia azon'ny Solontenam-panjakana atao ny mampiaraka ny fitoriana ataony amin'ny fitoriana fampihantonana (andininy faha-28 amin'ny lalàna laharana faha-2014-021). Azo raisina izany raha toa ka mari-pototra ny iray amin'ireo antony ambara anatin'ny fitoriana, amin'ny fotoana anaovana ny fanadihadiana.

Indraindray dia azon'ny Fitsarana atao noho izany ny mandidy ny fampiatoana ny sora-draharaha mandram-piandry ny didy mikasika ny votoatin'ady. Kanefa dia tena henjana ny lalàna amin'ny paikady fangatahana fampiatoana. Takiany ireto fepetra manaraka ireto (andininy faha-66 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2001-025, voalaza etsy ambony) :

1° mazava ny fangatahana ary atolotra amin'ny alàlan'ny fitoriana manokana mitaha amin'ny tena fitoriana ;

2° miankina amin'ny fisian'ny fangatahana fanafoanana ny didy toriana izany (izay fepetra takian'ny paikady amin'ny fitoriana mahazatra rahateo) ;

3°tsy maintsy apetraka eo anivon'ny firaketan-draharaha ao anatin'ny valo amby efapolo ora miantomboka amin'ny fampitàna na ny fahafantarana ny fanapahan-kevitra ara-panjakana ny fangatahana fampiatoana azy, raha tsy izany dia tsy azo raisina.

- Tanterahina faran'izay maika indrindra ny fanadihadiana ny fangatahana fampiatoana ny fampiharana ary tsy ilaina amin'izany ny miandry ny fanamarihana ataon'ny ankilany. Mamoaka didy anatin'ny fepotoana valo andro ny Fitsarana.

TSARA HO MARIHINA

Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy azo atao ny mandidy ny fampiatoana ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra mahakasika ny filaminam-bahoaka noraisina mifanaraka tamin'ireo fepetra entin'ny didy aman-dalàna manankery

- Ampitaina amin'ireo tompon'ady voakasika ary koa ny mpandray ny fanapahan-kevitra anatin'ny fepotoana telo andro ny didy.

TSARA HO MARIHINA

Koa satria tsy mitsara ny tena votoatin'ady ny mpitsara mamoaka didy momba ny fampiatoana ny fanatanterahana, dia tsy azony atao ny manafoana fa mampiato ny fanatanterahana ny sora-draharaha ihany no tandrify azy

- Azo atao ny mampiakatra fitsarana ambony manohitra ny fampiatoana fanatanterahana. Atao ao anatin'ny telo andro manaraka ny fampahafantarana ny voakasika ny fampitàna ny didy toriana (andininy faha-98 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025).

IV.2.5. Iza no misolo tena ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manoloana ny Fitsarana ?

Araka ny voalazan'ny lalàna laharana faha-2014-020 (andininy faha-28) sy ny didim-panjakana laharana faha-2015-960 tamin'ny 16 jiona 2015 mikasika ny anjara raharahan'ny lehiben'ny mpanatanteraka (andininy faha-10),dia ity farany ity no misolo tena ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana amin'ireo sora-draharaha mikasika ny fiainana sivily sy ara-panjakana

Izy koa no misolotena ny vondrombahoakam-paritra manoloana ny Fitsarana. Kanefa, azony atao ny mampisolo tena azy :

- ny solontenan'ny vondrombahoakam-paritra nahazo fanomezam-pahefana manokana ho amin'izany ;
- ny mpisolovava na ny filankevitra araka ny lalàna, arakaraka ny zava-misy izay karamain'ny Fanjakana.

IV.2.6. Ahoana no fanaovana fampiakarana ny didy navoakan'ny Fitsarana ?

- Azo anaovana fampiakarana manoloana ny Filankevi-panjakana ireo didim-pitsarana noraisin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana anatin'ireto fepetra fintinina manaraka ireto (andininy faha-94 sy ny manaraka amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 tamin'ny 16 jiona 2015) :
  - sokafana ho an'ny andaniny sy ny ankilany amin'ny fitsarana voalohany ny fampiakarana ka mitovy izy ireo amin'ny toetra mahatompon'ady azy.
  - tsy maintsy atao anatin'ny fepotoana roa volana manomboka amin'ny fampahafantarana ny voakasika na ny fampitàna ny didy na ny fanapahan-kevitra ny fampiakarana ;
  - Atao amin'ny alàlan'ny fanambarana an-tsoratra ny fampiakarana, ary raketina ao amin'ny firaketan-draharahan'ny fitsarana namoaka ny didy.

- Ireo fanoroana rehetra tokony ho hita anatin'ny fitoriana mahazatra (jereo etsy ambony)
- tsy miteraka fampiatoana ny fampiakarana raha tsy hoe nekena ny fampiatoana ny fanatanterahana ;
- Ampitain'ny firaketan-draharahan'ny fitsarana namoaka didy amin'ny iraketan-draharanan'ny Filankevi-panjakana ny antontan-taratasy.

• Mbola azo anaovana fampiakarana antampony manoloana ny Filankevi-panjakana ireo didy navoakan'ny Fitsarana ny ady amin'ny Fanjakana farany ka mitsara izy noho izany, mikasika ny ady amin'ny Fanjakana, izay sady ho fampiakarana no ho fampiakarana antampony.

Famintinana ny paikady fitoriana amin'ny alàlan'ny fanontaniana arahim-baliny :

Fanontaniana : Iza no mampiditra ny fitoriana ?

Valiny : Ny Solontenam-panjakana iankinan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

F : Eo anivon'ny Fitsarana inona ?

V : Eo anivon'ny Fitsarana ny ady amin'ny Fanjakanan'ny Faritany izay iankinan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika.

F : Manaraka ny paikady manao ahoana ?

V : Vita an-tsoratra sy ifanatrehana ny paikady. Atao isaky ny sora-draharaha tsirairay ny fitoriana.

F : Mampihatona ve ny fitoriana ?

V : Tsy mampihatona ny fitoriana raha ny tokony ho izy, ankoatra ny fampihatonana fampiharana.

F : Iza no misolotena ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ?

V : Ny lehiben'ny mpanatanteraka na ny nomeny fahefana

F : Azo anaovana fampiakarana ve ny didy navoakan'ny Fitsarana ny ady amin'ny Fanjakana ?

V : Eny, ka atao manoloana ny Filankevi-panjakana izany.



V. NY FANDAMINANA NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA

Mitaky fanomezan-tànana samihafa ny asa fanarahamaso ny fanarahan-dalàna eo anivon'ny fisoloantenam-panjakana.

Tsy maintsy mitsinjo lavitra izany ary ombam-pitaovana tsara mba hiantohana ny fahatomombanan'ny dingana arahina momba ny fanarahamaso. Miantomboka amin'ny fandraisana tsotra ny sora-draharaha ny fanarahamaso ary mandalo amin'ireo dingana samihafa mifanjohy mba hahatongavana amin'ireo vokatra mety hiantohana ny hafainganan'ny fandraisana an-tànana sy antontan-taratasy hohadihadiana sy ny fanatanterahana ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana anatin'ny fepetra mety indrindra ho amin'ny fiarovana araka ny lalàna. Mitaky ihany koa izany ireo fanohanana ara-pandaminana sy raki-kevitra izay tokony homena lanja manokana.

V.1. Ny amin'ny fandraisana ireo sora-draharaha

Araka ny nambara etsy ambony, dia tsy maintsy hefain'ny lehiben'ny mpanatanteraka ny fampitàna ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary tsy maintsy manaja izany izy, raha tsy izany dia mety iharan'ny fanonganana. Satria ihany koa dia izany no am-panankery ny sora-draharaha ary singa ahafaha-manomboka ny fombafomba arahina izay mety mitondra amin'ny fandraisana ny fitsarana dia tokony hanana noho izany ny porofon'ny fampitàna ny sora-draharaha na ny Solontenam-panjakana na ny vondrombahoakam-paritra.

Ny porofo anamarinana ny faharaisan'ny Solontenam-panjakana ireo sora-draharaha dia azo atao amin'ny fomba rehetra. Mety ho ny taratasy fanamarina-paharaisana fampiasa andavanandro izay omen'ny Solontenam-panjakana ny Vondrombahoakam-paritra nandray ny sora-draharaha izany ka ny dikamitovy dia tahirizin'ny fisoloan-tenam-panjakana tsara. Mety ho fametahana mari-panavahana (timbre) hita etsy ambany ihany koa izany eo amin'ny sora-draharaha ka ataon'ny birao mpandray ny taratasy eo anivon'ny Fisoloantenam-panjakana ary sosony roa izany. Ity fomba fanao farany ity no hita fa metimety kokoa satria ahitàna soritra mipetraka ny naharaisana ny sora-draharaha nampitaina izy, mihoatra amin'ny taratasy fanamarinam-paharaisana izay mitokana sy misaraka amin'ireo antontan-taratasy izay ankatoaviny ny faharaisana azy.

Toy izao no fitrangan'izany, ny mpiasa miadidy ny fampitàna ireo taratasin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia miseho eo amin'ny biraon'ny fandraisana taratasy eo anivon'ny Fisoloantenam-panjakana, miaraka amin'ny rejisitra fampitàna ireo sora-draharaha arahin'ireo singa ampitaina atao sosony roa. Hamarinin'ny birao mpandray taratasy amin'izany ireo sora-draharaha voarainy ary isaina ireo sosony sady apetaka ny fitomboka, araka ny maodely hita etsy ambany, izay azo ampifanarahina isaky ny fisoloantenam-panjakana (Kaomisaria Jeneraly, Prefektora, Distrika) ka izany dia atao amin'ireo sora-draharaha tsirairay sy ny dikamitovin'izy ireo.

Mitovy lenta amin'ny taratasy fanamarina-paharaisana izany fitomboka izany. Tahirizin'ny Fisoloantenam-panjakana ho toy ny antontan-taratasy fiasana ny matoan-tsoratra ary tahirizin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny dikamitovy mba ho taratasy fanamarinanana ny nametrahana ny sora-draharaha.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana -Tanindrazana -Fandrosoana

Prefektora .....
Distrika .....

Vaninandro nametrahana	
Laharam-piraketana	
Mpiasa nandray	
Sonia	

V.2. Ny amin'ny fizohiana ny taratasy

Ny Sampan-draharaha miadidy ny famotorana ireo sora-draharaha anton'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna dia manao izay fomba rehetra mba tsy ihoarana ny fepotoana telopolo andro voatondro raha toa ka mety hisy fitoriana eo anivon'ny Fitsarana ny fifanolanana amin'ny Fanjakana.

Manana telopolo andro noho izany ny Solontenam-panjakana mba handinihana ao anatiny, hifanakalo hevitra amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana raha toa ka ilaina izany ary handray ny fanapahan-kevitra farany. Ho amin'izany, dia tena ilaina tokoa ny firaketana sy ny fizohiana ny taratasy mba hiantohana ny marik'ireo fifanakalozana natao.

Tondroin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 (andininy faha-41, andininy faha-2) fa ny Solontenam-panjakana dia tsy maintsy mitàna rejisitra ho fandraisana ny sora-draharaha ampitain'ny Lehiben'ny mpanatanteraky ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ka izany dia tsy maintsy ahitàna ireto singa manaraka ireto : laharana, karazany, antony sy vaninandron'ny sora-draharaha, ny fitsiahy momba ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana, ny vaninandro naharaisana, ny fitsiahy momba ny fanamarinam-pametrahana, ary koa ny fanaovan-tsonia.

Ny maodely manaraka eto dia mandray ireo fepetra voatondron'ny lalàna ary manampy andalana maromaro ho an'ny fizohiana ireo fifanakalozan-kevitra noho ireo fifanakalozan-kevitra avy amin'ny fandinihana ny taratasy voaray. Toy ny taratasy nanaovana fanamarihana, raha toa ka nisy izany, ireo valin-teny nentin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny fanapahan-kevitra farany noraisin'ny Solontenam-panjakana mikasika ny tohin'ny taratasy.

Laharana	Karazany	Antony	Vaninandro	Fitsiahy nampitana	Vaninandro naharaisana	Fitsiahy ny fametrahana	Fanaovan-tsonia	Taratasy fanamarihana			Valintenin'ny Kaominina		Fanapahan-kevitra faran'ny Solontenam-panjakana	
								Daty	Lah	Antony	Daty	Lah	Daty	Lah

Araka ny voatondron'ny didim-panjakana voalaza etsy ambony dia tsy maintsy mitana rejisitra isaky ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, arafitra manaraka ny maodely hita etsy ambony.

Fa ambonin'ny rejisitra, dia manokatra classeur ho an'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tsirairay ny sekretarian'ny Solontenam-panjakana, ka anatin'izany no anakilasiana arakaraka ny fahatongavany:

- ireo sora-draharaha nampitaina,
- ny dikamitovin'ireo taratasy nanaovana fanamarihana,
- ireo valin-teny nentin'ny Vondrombahoakam-paritra,
- ny fanapahan-kevitra farany noraisin'ny Solontenam-panjakana ary,
- raha toa ka misy izany, ny dikamitovin'ny fitoriana ary ny didy noraisin'ny mpitsara.

Azo kilasiana anatin'ny fanakilasiana antontan-taratasy misy fatorana (chemise à sangle) ireo antontan-taratasy matevina toy ny tetibola sy ny kaonty.

Ireo antontan-taratasy tsy anaovana fandinihana mahazatra intsony (amin'ny fiafaran'ny taona ohatra na isaky ny roa na telo taona) dia kilasiana anatin'ny baoritra fametrahana arisiva isaky ny taona ary isaky ny vondrombahoakam-paritra.

V.3. Famindra arahina mikasika ny fandinihana ireo sora-draharaha

Rehefa voaray araka ireo fombafomba voalaza etsy aloha, dia apetraka hodinihan'ny Solontenam-panjakana izay mampihatra avy hatrany ny paikady ireo sora-draharaha ka ampandraisiny anjara amin'izany ireo sampan-draharaha ara-teknika.

Manendry mpiara-miasa aminy iray eo ambany fifehezany ny Solontenam-panjakana izay :

- manao ny fifantenana ireo antontan-taratasy arakaraka ireo tandrifim-pahefana ary mitsinjara izany araka ny karazan'ireo sora-draharaha ho an'ireo sampan-draharaha voakasika mba hanao ny fanadihadiana ;
- manoratra, raha toa ka ilaina izany ary arakaraka ny saha hohadihadiana,

ny taratasy izay angatahany any amin'ny sampan-draharaham-panjakana teknika voakasika (fitantanam-bola, fandrindrana ny tanàn-dehibe, fanabeazana, fahasalamana, sns) mba hijery ny fifanarahan'ireo sora-draharaha amin'ny didy amam-pitsipiky ny sehatra iasany ary koa hitondra ny fomba fijeriny mikasika ny mampitombina ny sora-draharaha, sy hanome soso-kevitra, raha toa ka ilaina izany, amin'ny alàlan'ny volavolan-taratasy itondram-panamarihana halefa amin'ny vondrombahoakam-paritra na fehin-teny ho fanohanana izay mety ho fitoriana. Tsy afaka mihoatra ny fito andro ny fepotoana amalian'ny sampan-draharaham-panjakana izany. Ho filan-kevitra ihany ireo fanehoan-kevitry ny sampan-draharaha teknika ary tsy mamatotra ny Solontenam-panjakana izany.

- manambatra ireo valin-tenin'ny sampan-draharaha teknika, manao ny fanombanana izany ary manolotra ny fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny Solontenam-panjakana.

Ny fisoloantenam-panjakana tsirairay dia tsy maintsy manao ny fandaminana anatiny amin'ny fampiasana amin'ny mahamety azy ireo mpiara-miasa izay ananany, mba hiantohana ny fampandehanana tsara ny asa fanarahamaso, eo ambanin'ny fandrindrana mivantan'ny mpiara-miasa izay notendren'ny Solontenam-panjakana. Azo alamina toy izao manaraka izao ohatra ny eo anivon'ny Distrika.



V.4. Ny amin'ny firaketan-kevitra

Tsy maintsy manana ny fitambaran'ireo firaketan-kevitra ilaina mba hanaovana ny fandinihana ny mampitombina ireo sora-draharaha :

- ny firaketan-kevitra momba ny lalàna ankapobe : ireo didy aman-dalàna (momba ny lalàna sy ny fitantanam-bola) mikasika ny fitsinjaram-pahefana, didy aman-dalàna ifehezana ireo sehatra samihafa, gazetim-panjakana ;
- ireo firaketan-kevitra teknika ampiarahina : torolàlana, tari-dàlana, takila, sns.
- ireo sora-draharaha rehetra voavolavolan'ny Vondrombahoakam-

paritra itsinjaram-pahefana izay mety hilaina mikasika ny fandinihana ireo sora-draharaha tao aoriany : ireo fanapahan-kevitra raisin'ny Filankevitra enti-manefitra ireo fanapahana raisin'ny lehiben'ny mpanatanteraka, ireo didim-pitondrana mikasika ny fanomezan-pahefana na fanomezan-dàlana hanao sonia, ireo tetibola sy ireo sora-draharaha nenti-nanitsy azy ireo, sns.

Atao tsara tahiry sy kilasy ireo firaketan-kevitra ireo mba ho mora raisina.

V.5. Fepetra fampihatra raisina aorian'ny fandinihana ireo sora-draharaha

Araka ny voalaza etsy ambony, dia misy tranga telo mety hiseho, aorian'ny fandinihana ny sora-draharaha :

- mifanaraka amin'ny fenitry ny lalàna ny sora-draharaha : tapitra eo ny fanarahamaso. Apetraky ny Solontenam-panjakana ny marika fanamarinana ny fanarahan'ny sora-draharaha ny lalàna ary dia kilasiana izany sora-draharaha izany ;
- ahitàna tsy fetezana madinika ny sora-draharaha : singa ampanarahana hadino, sonia, vaninandro na laharana hadino, fahadisoana ara-materialy, sns izay mety ho azo ahitsy moramora. Atsidiky ny Solontenam-panjakana amin'ny lehiben'ny mpanatanteraka izany fahadisoana madinika izany (ka atao an-tsoratra no metimety kokoa) mba hahafahana manao ireo fanarenana ilaina ;
- misy fifanoherana amin'ny lalàna ny sora-draharaha : andefasan'ny Solontenam-panjakana taratasy fanamarihana ny lehiben'ny mpanatanteraka izay mampahafantatra azy ireo tsy fanarahan-dalàna tsapa, ireo fanitsiana angatahina, ary koa ny mety ho fandraisany ny mpitsara ny ady amin'ny fanjakana raha toa ka tsy raisina ny fanamarihana nataony. Mitovy lenta amin'ny fitoriana amin'ny ambaratonga (recours gracieux) izany taratasy izany ka, amin'izany tranga izany, dia tsy misy fiantraikany amin'ny fepotoana tsy azo anoharana telopolo andro atokana ho an'ny fitoriana.

V.6. Ireo fepetra raisina mialoha mba hisorohana ny fitoriana

Ny tanjon'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, izay tsiahivintsika, dia ny hiantohana ny fanajana ireo fenitra araky ny lalàna. Tokony hatanjaka noho izany ny fampianarana noho ny fifanoherana sy ny fandraisana ny fitsarana. Izany indrindra no mampanan-danja ny fandrindrana ara-panjakana mialoha ny fifanolanana.

Tsy maintsy misy noho izany ny fifanakalozan-kevitra maharitra eo amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ireo Solontenam-panjakana mba hahatongavana, tsy amin'ny hoe fametrahana ireo voalohany

eo ambanin'ireo faharoa, izay tena mifanohitra tanteraka amin'ny tanjon'ny lalàna ho an'ireo vondrombahoakam-paritra, fa indrindra mba hanomezana ireto farany ireo fomba fanao tena mety izay hahafahan'izy ireo miantoka mialoha ireo sora-draharaha raisiny. Amin'izany, ny Solontenam-panjakana dia manatanteraka feno ny andraikitra maha-mpanolo-kevitra izay atolotra azy araka ny lalàna.

Ireo asa hefaina eto amin'izao dingana izao dia :

- mampitombo ireo fampiofanana ho an'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba hahaizan'izy ireo tsara ny teknika fanoratana ireo sora-draharaha indrindra fa ireo izay mahakasika ny ara-dalàna sy ny ara-bola toy ny :
  - tetibola fiandohana, fanampiny sy fanitsiana ary koa ireo kaontim-panjakana ;
  - ireo trosa sy antoky ny trosa ;
  - ireo fanapahana namerana ny fototra amerana ny hetra sy ny tahan'ireo haba takiana ;
  - ireo fandraisana anjara ara-bola ;
  - ireo sora-draharaha miendrika didy amam-pitsipika ;
  - ireo sora-draharaha mikasika ny fandraisana mpiasa ;
  - ireo fifanarahana samihafa ;
  - ireo fivarotam-pananana ;
  - ireo fifanarahana araka ny karazany avy.
- mitondra fanomezan-tànana sy fanoloran-kevitra ho an'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mialoha ny famoahana azy ny sora-draharaha na an-dàlam-piadian-kevitra momba ny fitoriana amin'ny ambaratonga ; ho amin'izany, ireo lehiben'ny boriborin-tany dia mandray ny andraikitra maha-mpanolo-tsaina eo anivon'ny Kaominina mba hisorohana izay mety ho tsy fetezana,
- manome ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny mpiasa manana traikefa ampy izay azo ifampizarana eo amin'ny samy vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba tsy handanindaniam-poana ;
- miantoka ny fahamarinan-toeran'ny mpiasa manana traikefa ampy eo anivon'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba tsy ho voatohintohin'ny fiovaovana ara-pôlitika sy ara-pifidianana izy ireo ;
- manome ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ireo fitaovana ara-teknika ilaina amin'ny fanatanterahana ny iraka sahaniny : torolàlana momba ny paikady ara-panjakana, ara-pitantanam-bola, torolàlana momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, takila sy maodely fampiasa amin'ny asa andavanandro, tari-dàlana momba

ny fifehezana ny asa vaventy, raki-dalàna, sns, miaraka amin'ireo fampianarana sy fampiofanana mifandraika amin'izany fitaovana izany.

V.7. Fitsinjaran'andraikitra anatin'ny fizotran'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna

Tompon'andraikitra	Iraka/lahasa hotanterahina	Fomba fanamarinanana
Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana (fitantantan-draharaham-panjakana foibe)	• Famolavolana sy fanomezana ireo fitaovana ara-teknika ilain'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana : - torolàlana mikasika ny paikady ara-panjakana sy ara-pitantanam-bola, - torolàlana mikasika ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, - takila sy maodely fampiasa eo amin'ny asa andavanandro, - tari-dàlana mikasika ny fifehezana ny fanatanterahana ny asa vaventy, - raki-dalàna, sns.	Fitaovam-piasana hita eo anivon'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehetra, ireo vondrona ara-panjakana ho fiaraha-miasa iombonan'ny Kaominina ary ireo fari-piadidiam-pitondrana
	• Fampiofanana momba ny : - Torolàlana, - Tari-dàlana ; - Fampiasana ireo takila teknika, sns.	Tatitra momba ny fanatanterahana ireo fampiofanana
	• Famporisihina ny fametrahana ny fahaiza-manao mari-toerana izay azo ifampizarana eo anivon'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana	• Fanomezana ny mpiasa kinga ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, • Rijan-teny miantoka ny fahamarinan-toeran'izany mpiasa izany

Tompon'andraikitra	Iraka/lahasa hotanterahina	Fomba fanamarinanana
Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana (fitantantan-draharaham-panjakana foibe)	• Fanomezana ireo fisoloantenam-panjakana ny mpiasa kinga (indrindra ny mahakasika ny lalàna sy ny fitantanam-bola)	Famindran-toerana mpiasa izay manana ny fahaiza-manao momba ny lalàna sy ny fitantanam-bola eo anivon'ny fisoloantenam-panjakana
	• Fampitaovana ireo fisoloan-tenam-panjakana : rejisitra, fitaovana fanaovana fanakilasiana, fitaovana momba ny solosaina ary fahazoana internet	• Fisian'ireo rejisitra,sy fitaovana fanakilasiana ; • Fisiana sy fahafaha-mampiasa avy hatrany ireo fampitaovana ara-tsolosaina ; • Fahazoana internet eo anivon'ireo fari-piadidiam-panjakana
Fisoloan-tenam-panjakana eo an-toerana (Kaomisaria jeneraly, Prefektora, Distrika)	• Fandaminana ny sekretaria mba hiantohana ny firaketana sy ny fizohiana ireo sora-draharaha voaray ary ny fanakilasiana tsara ireo sora-draharaha	Rejisitra tànana mifanaraka amin'ireo toromarika mifanaraka amin'ny didy amam-pitsipika, sora-draharaha voakilasy isaky ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary voatahiry tsara
	• Manaramaso ny fanajana ny fepotoana fanaovana fanarahamaso	Fepotoana telopolo andro voahaja ho amin'izay mety ho tohiny omena ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna
	• miantoka ny fifanakalozan-kevitra amin'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba hahatongavana amin'ny fifanarahana mikasika ireo tsy fifanolanana	Isan'ireo sora-draharaha vita, taorian'ny fifanakalozan-kevitra miaraka amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana
	• miantoka ny fanampiana sy toko-kevitra akaiky ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana	Isan'ireo fidinana ankianja anaovana fanampiana sy tolo-kevitra

Tompon'andraikitra	Iraka/lahasa hotanterahina	Fomba fanamarinanana
Fisoloan-tenam-panjakana eo an-toerana (Kaomisaria jeneraly, Prefektora, Distrika)	• Filankevitra amin'ireo sampan-draharaham-panjakana ara-teknika ao anatin'ny famotorana ireo antontan-taratasy	Isan'ireo sora-draharaha vita famotorana noho ny filankevitra tamin'ireo sampan-draharaham-panjakana ara-teknika
	• Miantoka ny fanakilasiana tsara sy ny fananana eo ambany maso ny firaketan-kevitra ilaina amin'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna	Firaketan-kevitra voarindra, voakilasy isaky ny taranja ary mora raisina
Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana	• Fanajana ireo fotoam-pivoriana araka ny didy amam-pitsipika	Isan'ireo fotoam-pivoriana araka ny didy amam-pitsipika natao tanatin'ny fepotoana
	• Fanajana ny fampitàna ireo sora-draharaha	Isan-jaton'ireo sora-draharaha nampitaina arakaraka ny habetsahan'ireo rehetra notanterahina
	• Fanajana ny fampitàna ireo sora-draharaha	Isan-jaton'ireo sora-draharaha nampitaina arakaraka ny habetsahan'ireo sora-draharaha nampitaina ivelan'ny fepotoana
	• Famolavolana ireo sora-draharaha tanatin'ny endrika sy fepetra takiana	Isan-jaton'ireo sora-draharaha voavolavola tsy misy tomika arakaraka ny isan'ireo sora-draharaha natao

Tompon'andraikitra	Iraka/lahasa hotanterahina	Fomba fanamarinanana
Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana	• Fampahafantarana ny besinimaro sy/ na fampahafantarana ny voakasika ireo sora-draharaha	Isan-jaton'ireo sora-draharaha nampahafantarina ny besinimaro sy/ na nampahafantarina ny voakasika mitaha amin'ireo totalin'ny sora-draharaha natao
	• Fitànana ny rejisitra fampitàna ireo sora-draharaha, vita sonian'ny Solontenam-panjakana	Fisian'ny mpiasa ary fahafaha-miasa avy hatrany mba hiantohana ny fahaizamanao araka ny lalàna ny fitantanam-bola sy ny teknika na dia hoe noho ny fifampizarana miaraka amin'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hafa aza

MAODELIN'IREO FITORIANA MIALOHA NY FAMAKIANA ADY SY NY FITORIANA FAMAKIANA ADY

Maodely 1 : Taratsy itondram-panamarihana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Frandrosoana

....., faha

MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAMPAHEFANA
PREFEKTORA ...
DISTRIKA...

Ny prefe / Lehiben'ny Distrika
Ho an'
Andriamatoa/Ramatoa Ben'ny Tanànan'i.....

Antony : Taratasy itondram-panamarihana

Andriamatoa/Ramatoa Ben'ny Tanàna,

Voninahitra ho ahy ny mitondra izao fanamarihana manaraka izao mikasika ny fandinihana ireo asa mikasika ny fivoriana momba ny tetibola, mba hankatoavana ny tetibola voalohany ho an'ny Kaominina iadidianao, ho amin'ny taona 2016, fivoriana izay natao ny ..... hatramin'ny ..... Ka izany asa izany dia nampitainao taty amin'ny sampan-draharaha eo ambany fiadidiako tamin'ny ..... :

1. Momba ny endrika :
   - tsy nampanarahina ny tetibola voalohany ny fanapahana nankatoavan'ny Filankevitra azy ;
   - tsy nampanarahina azy ihany koa ny tatitra fanolorana sy ireo angom-baovao momba ny antontan'isa mikasika ny kaominina.
2. Momba ny vontoatiny :
   - Mibontsina loatra ny tetibola, izay tsy voaporofon'ny fahafahana ara-pidirambolan'ny Kaominina ary mifanalavitra tanteraka amin'ny kaontim-panjakana tamin'ny fepotoana iasana lasa, ka vokatr'izany dia misy tsy fifandanjana miharihary, izay mifanohitra amin'ny lalàna mifehy ny tetibola indrindra ny fandikana ny andininy faha-14 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 ;
   - Hadino ireo fandaniam-bola tsy azo anoharana sasantsasany. Tafiditra anatin'izany ny famerenana ireo trosa tsy maintsy aloa mikasika izao fepotoana iasana izao, izay mandika ny andininy faha - 166 sy 35 amin'ny lalàna faharana faha-2014-020 sy ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 ;
   - Tsy tafiditra velively anatin'ny tandrifim-pahefan'ny Filankevitra ny fananganana haba mikasika ireo fotodrafitr'asa ara-indostria, satria haba manana toetra ara-ketra, izay tsy maintsy voafaritry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, izany (andininy faha-183 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

Koa noho izany antony voalaza rehetra izany, dia miangavy anao aho mba handray ny fepetra rehetra ahafahana mitondra ireo fanitsiana ilaina, ka izany dia mialoha ny fahataperan'ny fepotoana voafaritra handraisana ny mpitsara.Tiako ny mampahatsiahy anao fa tsy manana afa-tsy folo andro feno amin'izany fepotoana izay tsy azoko ihoarana araka ny lalàna izany ny tenako raha toa ka tsy misy valiny mahafapo avy aminao voaraiko eo anelanelan'izany.

Raiso, Andriamatoa.Ramatoa Ben'ny Tanàna ny haja atolotro anao.

(Sonia sy fitomboka)
Anarana sy fanampiny

Maodely 2 : Fitoriana angatahana fanafoanana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Frandrosoana

....., faha

MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAMPAHEFANA
PREFEKTORA ...
DISTRIKA...

Ny prefe / Lehiben'ny Distrika
Ho an'
Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana ny Ady amin'ny Fanjakana ao

Antony : Fitoriana angatahana fanafoanana ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Ben'ny Tanàna ao....
Fitsiahy : ....

Amin'ny maha-Lehiben'ny Distrika eto ..... voatendry araka ny didim-panjakana laharana faha-..... tamin'ny ..... ary koa amin'ny maha-Solontenam-panjakana eo anivon'ny Kaominina ..... ny tenako araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana, ahafahako manao fitoriana ireo sora-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana eo ambany fiadidiako, izay heveriko ho tsy mifanaraka amin'ny lalàna, indrindra ny voalazan'ny andininy faha-26 amin'izany lalàna izany, dia voninahitra ho ahy ny mampahafantatra anao izao manaraka izao :

Noho ny fanapahan-kevitra laharana faha-.... tamin'ny .....Andriamatoa Ben'ny Tanàna ambonivohitra ao ..... dia nanao fandraisana an'Andriamatoa , tompon'ny karapanondro laharana faha- .... tamin'ny .... ho mpiasa amin'ny girady Injeniera amin'ny Asa Vaventy.

Raha ny lalàna no jerena, dia mampiseho ireto tsy fetezana lehibe manaraka ireto :

Momba ny endrika : tsy arahan'antony ny sora-draharaha natao ;

Momba ny vontoatiny :
Tsy nahazo fankatoavana mialoha avy amin'ny Filankevitra izany fandraisana mpiasa izany ka mifanohitra amin'ny andininy faha-34 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny fidiram-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara raharahan'ireo rafitra izay mametra ny fandraisana mpiasa ataon'ny lehiben'ny mpanatanteraka amin'ny fisian'ny rindran-damina momba ireo asa maharitra nankatoavin'ny Filankevitra omban'ireo isany voavina anatin'ny tetibola.

Izany fanapahan-kevitra izany dia mandika miharihary ihany koa ny andininy faha-148 amin'izany lalàna izany izay milaza fa « tsy maintsy voavina sy voasoatra anatin'ny tetibola ny fandraisana mpiasa rehetra ataon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ». Ampian'izany andininy izany koa (andàlana 2) fa « tsy azo atao ny mamorona sampan-draharaha na asa raha toa ka tsy nosokafana ny sorabola anatin'ny sokajy mifandraika amin'izany anatin'ny tetibola ».

Na dia teo aza ny taratasy itondram-panamarihana nalefako tamin'Andriamatoa Ben'ny tanàna tamin'ny ..... ; izay voarainy araka ny laharana faha-..... ary mitovy lenta amin'ny fitoriana amin'ny ambaratonga, dia tsy nitondra fanitsiana mihitsy tamin'ny fanapahan-kevitra noraisiny izy, fa nionona tamin'ny valinteny tsy marim-pototra ; kanefa dia tapitra ny fepotoana noferana ho amin'ny fitoriana.

Koa noho izany antony izany sy ireo hafa rehetra mbola hatolotra, dia mangataka ny Fitsarana mba hanafoana izany fanapahan-kevitra izany izay tsy manaraka ny lalàna araka ny fijeriko azy.

(Sonia sy fitomboka)
Anarana sy fanampiny

Singa ampiarahina :
- Dikamitovin'ny fanapahan-kevitry ny Ben'ny Tanàna ;
- Dikamitovin'ny taratasy nitondram-panamarihana ;
- Dikamitovin'ny valin-tenin'ny Ben'ny tanàna ;
- Dikamitovin'ny tetibolan'ny Kaominina ;
- Dikamitovin'ireo fanapahana niaraka tamin'ny tetibola ;
- Dikamitovin'ny rinrdran-damin'ny Kaominina miaraka amin'ny tabilao misy ny isan'ny mpiasa sy ny asa.

Maodely 3 : Fampiatonana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Frandrosoana

....., faha

MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAMPAHEFANA
PREFEKTORA ...
DISTRIKA...

Ny prefe / Lehiben'ny Distrika
Ho an'
Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana ny Ady amin'ny Fanjakana ao

Antony : Fangatahana fampiatoana fahazoan-dàlana hanorina

Amin'ny fangatahana misaraka, dia voninahitra ho ahy ny mangataka aminao ny fanafoanana ny fanapahan-kevitry ny ben'ny tanànan'ny Kaominina ao..... , laharana faha-..... tamin'ny ..... anomezana fahazoan-dàlana hanorina ho an'Andriamatoa ..... tompon'ny karapanondro laharana faha-..... nomena tamin'ny ..... eo amin'ny tany hita ao .....

Araka ny voazava anatin'ny fitoriana, dia tsy manara-dalàna velively izany fanapahan-kevitra izany satria nanome alàlana olon-tsotra iray mba hanorina hotely manokana eo amin'ny tany tafiditra anatin'ny tanim-panjakana azo amidy, tany izay mbola tsy nanaovana famindrana tamin'ny Kaominina, ka mifanohitra amin'ireo lalàna ifehezana ny fitantanana ny tany. Fanampin'izany dia noraisin'ny Ben'ny Tanàna izany fanapahan-kevitra izany na dia mifanohitra amin'ny fanehoan-kevitry ny Sampan-draharaha miadidy ny raharahan-tany aza.

Manaraka izany araka ny voalaza anatin'ny fitoriana misaraka ihany, dia tsy nahazoana ny fankatoavan'ny Filankevitra ny fanorenana izany fotodrafitr'asa hampidiram-bola izany, ka manohitra ny voalazan'ny lalàna laharana faha-2014-020 (zana-dohateny I mifandraika amin'ireo anjara raharahan'ny rafitra mpanapa-kevitra indrindra ny andininy faha-15). Ary ny tena atambo dia inoana marimarina fa fanoneran'ny Ben'ny Tanàna trosa tamin'ny fifidianana ho an'ny mpisitraka ny fanomezan-dàlana izao satria araka ny vaovao henonay dia tena mpinamana tokoa ny roa tonta ary mety ho mpiray tsikombakomba koa aza.

Ankoatra izany, raha toa ka hiandry ny didim-pitsarana momba izao raharaha izao, dia mety efa ho tonga amin'ny dingana ambony izany ary hiteraka vokadratsy na ho an'ny mpisitraka ny fanomezan-dàlana na ho an'ny vondrombahoakam-paritra ny fandravana izay mety ho efa voaorina.

Koa noho ireo antony ireo sy ny hafa mbola hatolotra, dia mangataka ny Fitsarana mba hanambara ny fampiatoana ny fampiharana izany fanomezan-dàlana hanorina izany araka ny paikady manokana voatondro ho amin'izany mandra-piandry ny didy momba ny vontoatin'ady.

(Sonia sy fitomboka)
Anarana sy fanampin'ananarana

Singa ampiarahina :
- Dikamitovin'ny fitoriana fangatahana fanafoanana natao misaraka
- Ny fanapahan-kevitra voakasika,
- Dikamitovin'ny taratasy nalefa amin'ny Ben'ny tanàna

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAMPAHEFANA

Prefektora ...
Distrika....

Kaominina Ambanivohitra/Ambonivohitra ...

TAKILA FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA : SORA-DRAHARAHAN'NY MPANATANTERAKA
(Dididm-pitondrana, Fanapahan-kevitra, tenimita, naoty, sora-draharaha fifanarahana[1]...)

Karazana sy laharan'ny sora-draharaha :.....

A. <u>FANARAHAMASO IVELANY NY FANARAHAN-DALANA :</u>

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARIHANA/FANAMARINANA
Filazana sy fahamarinan'ny filamatry ny Repoblika			
Fahamarinan'ny mari-panavahana *(timbre)* ho an'ny Vondrombahoakam-paritra			
Laharana sy lohatenin'ny sora-draharaha			
Vaninandron'ny sora-draharaha			
Fifanarahan'ny fepotoana : fampitana ny sora-draharaha 30 andro aorian'ny fanaovan-tsonia			
Tandrifim-pahefan'ny mpandray ny sora-draharaha :			
Tandrifim-pahefana araka ny toerana			
Tandrifim-pahefana araka ny fotoana			
Fifanarahan'ny sonian'ny mpandray ny sora-draharaha			
Tena izy ve manam-pahefanatandrify hanasonia ?			
raha Sonia noho ny fanomezam-pahefana : nisy ve ny didim-pitondrana nanomezam-pahefana ?			
Tena marina ve ny Sonia (fanamarinana ny maodelin-tsonia) ?			
Omban'antony ve ny sora-draharaha (filazalazana ny antony nandraisana ny antony) ?			
Raha toa ka mahakasika olona iray na vondron'olona : voahaja ve ny paikady ifanatrehana (fampiantsoana, fangataham-panazavana ; sns.) ?			
Misy ve ny fanajana ny fitovian'endrika ?			
Voatondro ve ireo fitsiahy ny lalàna izay iorenan'ny sora-draharaha ?			
Raha mahasahana olona maro ny sora-draharaha : nampahafantarina ny besinimaro ve izany ? (fampahafantarana ny besinimaro eo amin'ny fanaovana peta-drindrin'ny vondrombahoakam-paritra na amin'ny fomba hafa rehetra, toavina amin'ny fanamarinana ny fampanankerezana *(caractère exécutoire)* hefain'ny lehiben'ny mpanatanteraka)			
Raha toa ka mahakasika olona iray ny sora-draharaha, nampitaina taminy ve (taratasy fanamarinan-paharaisana no porofo) ?			

[1]ka misy fanamboarana kely araka ny hoe mahakasika olona iray ve ny sora-draharaha na fifanarahana.

B. FANAMARINANA ANATINY NY FANARAHAN-DALANA

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARIHANA
Mifanaraka amin'ny Bloc de légalité ve ny sora-draharaha (Lalàmpanorenana, lalàna, didy amam-pitsipika, foto-kevitra ankapobe momba ny lalàna) ?			
Tandrifim-pahefana ara-materialy :			
Tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ve ny sora-draharaha ?			
Ny anton'ny sora-draharaha ve tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefan'ny lehiben'ny mpanatanteraka ?			
Nisy fahadisoana araka ny lalàna ve (fahadisoana momba ny fepetra fitsiahy na fahadisoam-pandikana momba izany fepetra izany)?			
Nisy fahadisoana tsapa ve ? (fahadisoana teo amin'ny fanombanana ireo tranga izay ifotoran'ny fanapahan-kevitra) ?			
Nisy fanodikodinam-pahefana ve (sora-draharaha araka ny lalàna fa noraisina ho amin'ny tombontsoa ivelan'ny an'ny besinimaro) ?			
Fanamarihana (raha toa ka misy) ary sonian'ny mpanamarina			
Fanapahan-kevitry ny Lehiben'ny Distrika			
(*)			
Taratasy nitondram-panamarihana			
Fitoriana			

(*) Lazain'ny Solontenam-panjakana eto ny antony mampisy na tsy mampisy fanamarihana manokana mikasika ilay sora-draharaha nanaovany fanarahamaso.

Natao teto....., *faha*-

NyTompon'andraikitry ny fanaraha-maso
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

Ny Prefe/lehiben'ny Distrika
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAMPAHEFANA

Prefektora ...
Distrika....

Kaominina Ambanivohitra/ Ambonivohitra...

TAKILA FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA : FANAPAHANA RAISIN'NY FILAN- KEVITRA

A. FANARAHAMASO IVELANY NY FANARAHAN-DALANA :

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARIHANA
Filazana sy fahamarinan'ny fenitry ny Repoblika			
Fahamarinan'ny mari-panavahan'ny Vondrombahoakam-paritra			
Laharana sy lohatenin'ny sora-draharaha			
Vaninandron'ny sora-draharaha			
Fampitàna ny fanapahana tao anatin'ny 30 andro taorian'ny fankatoavana			
Fahatrarana ny fetr'isa			
Fiantsoana tao anatin'ny fepotoana araka ny didy amam-pitsipika			
Toeram-pivoriana			
Tandrifim-pahefan'ny mpandray ny sora-draharaha :			
Tandrifim-pahefana araka ny toerana			
Tandrifim-pahefana araka ny fotoana			
Nomban'antony ve ny fanapahana (filazalazana ireo antony nanorenana ny fanapahana)?			
Raha toa ny fanapahana ka mahakasika olona iray na antokon'olona : voahaja ve ny paikady ifanatrehana (fiantsoana, fampitandremana, sns) ?			
Nisy ve ny fitoviana arak'endrika *(parallélisme de forme)* ?			
Misy ve ireo didy aman-dalàna fitsiahy iorenan'ny sora-draharaha ?			
Filazana ny isan'ireo mpifidy sy ny vokatry ny fifidianana			
Sonian'ny Filohan'ny Filankevitra sy ny mpampaka-teny[1]			
Raha ho an'ny besinimaro ny fanapahana : nanaovana fampahafantarana ve ? (fampahafantarana ny besinimaro eo amin'ny toerana fanaovan'ny vondrombahoakam-paritra peta-drindrina ara-panjakana na tamin'ny fomba rehetra ; ankatoavin'ny fanamarinana ny « fanankerezana » ataon'ny lehiben'ny mpanatanteraka)?			
Raha toa ka mahakasika olona manokana ny fanapahana : efa nampahafantarina ve izany (taratasy fanamarinam-paharaisana no porofo) ?			
Fanamarinana ny toetra mampanankery ny fanapahana nataon'ny lehiben'ny mpanatanteraka			

[1]Ny sonian'ny Filoha sy ny mpapaka-teny amin'ireo fanapahana ampitaina sy nampanankerezin'ny lehiben'ny mpanatanteraka, ho amin'ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna dia azo inoana kanefa tsy misakana ny Solontenam-panjakana hitaky ny fanehoana ny matoan-tsoratra izany, raha toa ka misy fisalasalana momba ny sonian'ireo mpanolo-tsaina.

B. FANARAHAMASO ANATINY NY FANARAHAN-DALANA

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARIHANA
Mifanaraka amin'ny fitambaramben'ireo didy aman-dalàna *(bloc de légalité)* (Lalàmpanorenana, lalàna, didy amam-pitsipika, foto-kevitra ankapobe momba ny lalàna) ?			
Tandrifim-pahefana araka ny taranja :			
Tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefan'ny Vondrombahoakam-paritra ve ny anton'ny sora-draharaha ?			
Tafiditra anatin'ny tandrifim-pahefan'ny Filankevitra ve ny anton'ny sora-draharaha ?			
Nisy fahadisoana araka ny lalàna ve (fahadisoana momba ny fepetra fitsiahy na fahadisoam-pandikana momba izany fepetra izany) ?			
Nisy fahadisoana tsapa ve (fahadisoam-pandikana ireo tranga ifotoran'ny fanapahan-kevitra) ?			
Nisy fanodikodinam-pahefana ve (sora-draharaha araka ny lalàna noraisina noho ny tanjona ivelan'ny tombontsoan'ny besinimaro) ?			
Fanamarihana (raha toa ka nisy) ary sonian'ny mpanamarina			
Fanapahan-kevitry ny Lehiben'ny Distrika			
(*)			
Taratasy nitondram-panamarihana			
Fitoriana			

(*)Lazain'ny Solontenam-panjakana eto ny antony mampisy na tsy mampisy fanamarihana manokana mikasika ilay sora-draharaha nanaovany faharahamaso.

Natao teto....., *faha-*

Ny Tompon'andraikitry ny fanaraha-maso
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

Ny Prefe/lehiben'ny Distrika
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

Kaominina Ambanivohitra/Ambonivohitra ...

TAKILA FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA : TETIBOLA FIANDOHANA
(hofenoina ho fanampin'ny takila fanarahamaso ny fanarahan'ireo fanapahana ny lalàna[1])

A. FANARAHAMASO IVELANY NY FANARAHAN-DALANA

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARIHANA
Fampitàna 30 andro aorian'ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola ho an'ireo Kaominina ambonivohitra, Faritra ary Faritany, ary aorian'ny fankatoavana ho an'ny sisa			
Fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola ho an'ireo Kaominina ambonivohitra, Faritra ary Faritany (fanolorana ny fanehoan-kevitra na, raha tsy misy izany, ny taratasy fanamarinam-pampitàna amin'ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola)			
Fankatoavana ny tetibola nandritra ny fivoriana voafetran'ny didy amam-pitsipika[2]			
Sonian'ireo lehiben'ny mpanatanteraka sy ny Filohan'ny Filankevitra			
Fisian'ny tasy na kosokosoka eo anivon'ireo marik'isa			
Fisian'ireo tovana (andininy amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-959 sy andininy faha- 47 ary 167 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020...)			
Tabilao famintinana ireo zo sy haba ara-ketra na tsia			
Rindran-damina sy tabilao mirakitra ny isan'ireo mpiasa			
Famintinna momba ireo trosa			
Tabilao fanoneran-trosa sy ireo vatsim-bola notanterahina			
Vinavina momba ireo fanampiana ara-bola			
Famintinana ireo fanana-mifaka sy fanonerana			
Vokatry ny kaontim-panjakana farany			
Lisitr'ireo tetikasa laharampahamehana			
Fandaharan'asa fampiasam-bola hamokarana mandritra ny telo taona			
Fifanarahana samihafa misy fiantraikany ara-bola			
Fandaharan'asa hoenti-manafoana ireo trosam-panjakana			
Fanajana ny lasitry ny tetibola			
Fanajana ny rindran-damina ara-tetibola *(nomenclature budgétaire)*			
Tovana momba ny fanapahana nankatoavana ny tetibola			
Filazana (eo amin'ny fonony) ny laharan'ny fanapahana nankatoavana			
Filazana (eo amin'ny fonony) ny vaninandron'ny fivoriana nankatoavana ny tetibola.			

[1]Satria ampanarahana ny tetibola ny fanapahana izay tsy maintsy anaovana fanarahamaso araka ny paikady voatondro ho an'ireo sora-draharahan'ny rafitra mpanapakevitra.
[2]Tapabolana faharoa amin'ny volana aogositra (Kaominina) ; tapabolana faharoa amin'ny volana septambra (Faritra) ; tapabolana faharoa amin'ny volana oktobra (Faritany).

B. FANARAHAMASO ANATINY NY FANARAHAN-DALANA

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARIHANA
Mitombina ve ny kajy ? (fanamarinana ara-tarehimarika)			
Nofidina anatin'ny fifandanjana tanteraka ve ny sokajy tsirairay ?			
Mitombina ve ireo sora-bola natao ?			
Voatondro ve ireo fandaniana tsy azo anoharana ? (andininy faha-166 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 sy andininy faha-35 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959)			
Mifototra amin'ny lalàna ve ireo fampidiram-bola voasoratra (fidiram-bola ara-ketra na tsia) ?			
Ny tentiny sy ny tahan'ireo hetra ve mifanaraka amin'ny taha feran'ny Fehezan-dalàna Ankapobe momba ny Hetra manankery anatin'ny taona ?			
Mifanaraka amin'ny taha noferan'ny Filankevitra ve ireo fidiram-bola ivelan'ny hetra (haba saran'ireo raharaha nohefaina, vola fandoa, tamberim-bidy, zo samihafa, sns) ?			
Mifototra amin'ny lalàna ve ireo fanampiana ara-bola, fanomezana sy tahirim-bola fanomezan-tànana (fifanarahana, na fifamatorana)			
Ara-dalàna ve ireo fandaniana voasoratra (tambin-karaman'ireo olom-boafidy sy ny mpiasa) ?			
Nanokanana 15% ny totalin'ny fampidiram-bola ve ny sokajy fampiasam-bola hamokarana ?			
Tafiditra anatin'ny iraka ampanaovina ny vondrombahoakam-paritra ve ireo fandaniana voavinavina ?			
Voahaja ve ireo foto-kevitra ara-bola (tetibola tokana, mitambatra, isan-taona) ?			
Fanamarihana (raha toa ka misy) sy sonian'ny mpanamarina			
Fanapahan-kevitry ny Lehiben'ny Distrika			
(*)			
Taratasy itondram-panamarihana			
Fitoriana			

(*)Lazain'ny Solontenam-panjakana eto ny antony mampisy na tsy mampisy fanamarihana manokana mikasika ilay sora-draharaha nanaovany fanaraha-maso.

Natao teto....., *faha*-

Ny Tompon'andraikitry ny fanaraha-maso
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

Ny Prefe/lehiben'ny Distrika
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAMPAHEFANA

Prefektora ...
Distrika ....

Kaominina Ambanivohitra/Ambonivohitra ...

TAKILA FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA : KAONTIM-PANJAKANA

A. FANARAHAMASO IVELANY NY FANARAHAN-DALANA

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARIHANA
Fampitàna 30 andro aorian'ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola ho an'ireo Kaominina ambonivohitra, Faritra ary Faritany ary aorian'ny fankatoavana ny sisa.			
Fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola ho an'ireo Kaominina ambonivohitra, Faritra ary Faritany (fanolorana ny fanehoan-kevitra na, raha tsy misy izany, dia ny taratasy fanamarinam-pampitàna amin'ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola)			
Fanatanterahan'ny lehiben'ny mpanatanteraka tanatin'ny fepotoana araka ny lalàna[1]			
Fankatoavan'ny Filankevitra tanatin'ny fotoam-pivoriana araka ny didy aman-dalàna[2]			
Sonian'ny lehiben'ny mpanatanteraka sy ny filohan'ny Filankevitra			
Fisian'ny tasy sy kosokosoka eo anivon'ny marik'isa			
Ireo antontan-taratasy atovana :			
ny fanambarana ankapobe ny fifanarahana eo amin'ny kaonty manokan'ny mpitan-kaonty sy ny fitanan-kaontin'ny mpanalàlana			
ny kaontin'entana mandritra ny fepotoana iasana ara-tetibolan'ny taona teo aloha			
ny kaontin'ireo titra sy ireo taratasy soloim-bola *(valeurs)*			
ny tabilao fanoneran-trosa sy vatsim-bola natao			
ny fanapahan'ny Filankevitra nankatoavana ny kaontim-panjakana			
Fanajana ny rindran-damina, fiavahan'ireo sorabola, sns. toy ny an'ny tetibola			
Mampitranga ireto fitsinjarana taranja manaraka ireto ve ny kaonty ? :			
ireo vola nampidirina sy ireo fandaniana nohefain'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana			
ny elanelana (tsy fitoviana) eo amin'ny fanatanterahana sy ny vinavina voahitsy tanatin'ny tetibolan'ny fepotoana iasana izay voakasika			
Filazana (eo amin'ny fonony) ny laharan'ny fanapahana nankatoavana			
Filazana (eo amin'ny fonony) ny vaninandro nivoriana			
Sonian'ny lehiben'ny mpanatanteraka			
Filazana ny vaninandro sy ny toerana nanaovana ny sonia			

[1]Farafahatarany amin'ny volana fahatelo amin'ny fepotoana iasana aorian'ny fepotoana voakasika.
[2]Amin'ny fanombohan'ny fivoriana voalohany aorian'ny taona nanatanterahana ny tetibola.

B. FANARAHAMASO ANATINY NY FANARAHAN-DALANA[1]

SINGA HAMARININA	ENY	TSIA	FANAMARINANA
Mitombina ve ireo kajy ?			
Nomena laharampahamehana tanatin'ny fanatanterahana ny tetibola ve ireo fandaniana tsy azo ihoarana ?			
Ireo voavinavina anatin'ny tetibola ve ireo vola voaangona (ara-ketra na tsia) ?			
Miorina araka ny lalàna ve ireo fidiram-bola avy amin'ireo fanampiana ara-bola (fifanarahana na fifamatorana)			
Nanokanana 15% farafahakeliny amin'ny totalin'ny fidiram-bola madiodion'ny vondrombahoakam-paritra ve ny sokajy fampiasam-bola amokarana ?			
Tafiditra anatin'ny iraka ampanaovina ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ve ireo fandaniana notanterahina ?			
Mifanaraka ve ny vokatry ny fitantanana sy ny vokatry ny *livre-journal (solde du livre-journal)* ?			
Fanamarihana (raha toa ka misy izany) ary sonian'ny mpanamarina			
Fanapahan-kevitry ny Lehiben'ny Distrika			
(*)			
Taratasy itondram-panamarihana			
Fitoriana			

(*)Lazain'ny Solontenam-panjakana eto ny antony mampisy na tsy mampisy fanamarihana manokana mikasika ilay sora-draharaha nanaovany fanarahamaso.

Natao teto ....., *faha-*

NyTompon'andraikitry ny fanaraha-maso
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

Ny Prefe/lehiben'ny Distrika
Sonia
Anarana sy fanampin'anarana

Vontoatin'ny tatitra isan-taona momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna

1. **Fampidirana**

Apetraka mazava ny endri-javatra manodidina ny tatitra, ohatra : izao tatitra izao dia natao ho fampiharana ny andininy faha-48 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929, amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana, izay manambara fa ny Solontenam-panjakana da tsy maintsy manao tatitra manokana isan-taona momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ho an'ireo sora-draharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay notanterahiny ka izany dia ampitainy amin'ireo ambaratongam-pahefana amboniny. Anaovany tatitra ireo vokatry ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna nataony tamin'ireo vondrombahoakam-paritra anatin'ny Distrika ... (Faritra na Faritany).

Fampahatsiahivana ny isan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika (ka marihina amin'izany ny sokajin'izy ireo raha toa ka Kaominina) ;

2. **Vontoatin'ny tatitra :**

Omena ireo fanondroana ankapobe momba : ny isan'ireo sora-draharaha nohadihadiana, ny isan'ireo sora-draharaha nanaovana fitoriana teo anivon'ny Fitsarana ary raha toa ka nisy izany, ny isan'ireo sora-draharaha nofoanan'ny Fitsarana.

Marihina fa voalaza amin'ny andinindininy toy izao izany toe-javatra izany :

Tabilao arahin'andinindininy (mifanaraka amin'ny maodely manaraka izao) :

	Isan'ireo sora-draharaha nohadihadiana		Isan'ireo sora-draharaha mifanaraka		Isan'ireo fitoriana		Isan'ireo sora-draharaha nofoanana	
Vondrom-bahoakam-paritra	Sora-draharahan'ny mpanatanteraka	Sora-draharahan'ny Filankevitra	Sora-draharahan'ny mpanatanteraka	Sora-draharahan'ny Filankevitra	Sora-draharahan'ny mpanatanteraka	Sora-draharahan'ny Filankevitra	Sora-draharahan'ny mpanatanteraka	Sora-draharahan'ny Filankevitra
.....	....	.....	....	....	.....	.....	.....	.....
.....	....	....	....	.....	.....	.....	.....	....
Totaliny	....	....	....	....	....	....	....	....

Famakafakana tsotsotra :

- ireo vondrombahoakam-paritra mahomby teo amin'ny asany sy ireo tsy dia nahitam-pahombiazana loatra ; hazavaina ny anton'ny fahombiazana sy ny tsy fahombiazana ;
- fanamarihana ankapobe momba ny dingana arahina : ireo traikefa voaray, ireo olana nitranga, ary hazavaina ny anton'izany.
- Fanamarihana/fanolorana soso-kevitra hanatsarana ny fombafomba fanarahamaso :
- Lafiny ara-pandaminana ;
- Lafiny ara-pitaovana (fampitaovana, fitaovana, sns) ;
- Paikady mila fanatsarana,sns.

Famaranana : famintinana ireo fivoarana raha mitaha amin'ny taona lasa, fahasahiranana lehibe tsapa ary fanamby notratrarina, vinavina ny amin'ny mety ho fivoarana, raha toa ka misy izany.

(Sonian'ny Solontenam-panjakana)
Anarana sy fanampin'anarana

FITSIAHY MOMBA IREO ANTONTAN-BOKY

1. BOKY

• ALBERTINI (Jean Benoît), Ny fanapariaham-pitondrana, ny fiadidiana ny lafin-tany ao anatin'ny fanavaozana ny Fanjakana, Economica, 1997.

• AUBRY (François-Xavier), Ny fitsinjaram-pahefana manohitra ny Fanjakana (ny Fanjakana semi-centralisé), Parisy, LGDJ, 1992.

• BOURDON (Jacques), PONTIER (Jean-Marie) et RICCI (Jean Claude), Lalàna momba ireo vondrombahoakam-paritra, edisiona faharoa nohavaozina 1998, PUF, (boky iombonana), Thémis, teo ambany fitarihan'i Didier TRUCHET ;

• BRUNELLI (Pierre), Ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, Pôlitika ifotony, L. G. D. J. 1998 ;

• Gohin (Olivier), Rafitra ara-panjakana, edisiona fahefatra, L. G. D. J.

• Gjidara (Marc), Professeur émérite de l'Université Panthéon-Assas (Paris-2), Ny fanarahamaso ireo sora-draharahan'ireo manam-pahefana ifotony tanterahin'ny Fitsarana ny fifanolanana amin'ny Fanjakana any Frantsa, 2010, hrcak. srce. hr/file/90038

2. TOROLALANA MOMBA NY FANARAHAMASO NY FANARAHAN-DALANA

• Torolàlana momba ny fanarahan-dalànan'ireo vondrombahoakam-paritra sy ireo orin-draharaha iahiany, Ministeran'ny Atitany, Foibem-pitondrana Ankapoben'ny Vondrombahoakam-paritra, edisiona faharoa nohavaozina tamin'ny mayi 1991, Paris, France.

• Torolàlana momba ny paikady fanarahamaso ny fanarahan-dalàna sy ny tetibolaire, Tetikasa ho tantsoroka momba ny fitsinjaram-pahefana sy ny Fmpandrosoana Ifotony (PADDEL), Repoblikan'i Sénégal/ SCAC, Masoivohon'i Frantsa, tsy misy vaninandro.

• Tari-dàlana momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna sy ny Filankevitry ny kaominina, Repoblika Islamikan'i Mauritanie, Ministeran'ny Atitany sy ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra, Fandaharan'asa ho tantsoroka amin'ny fanapariaham-pitondrana sy ny fitsinjaram-pahefana ao Mauritanie (PADDEM), May 2004 ;

• Torolàlana fampihatra momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ho an'ireo sora-draharahan'ny Kaominina ao Niger, Fandaharan'asa ho tantsoroka amin'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fampandrosoana ifotony ao amin'ny Faritra Agadez, novatsian'ny Vondrona Eropeana vola, 2009 ;

• Taridàlana fampihatra momba ny fanarahamaso ny fiahiana ireo sora-draharahan'ny Kaominina ao Burundi, Ministeran'ny Atitany, Bujumbura, Jona 2011 ;

• Torolàlana momba ny fanarahamaso ny fanarahan-dàlana ireo sora-draharaha ara-panjakanan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ao Madagasikara, Ministeran'ny Atitany sy ny Fanavaozana ny Fitantanan-draharaham-panjakana, Sekretariam-panjakana miadidy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Fampandrosoam-paritra sy kaominina, Fiaraha-miasa frantsay sy Malagasy, jona 2004 ;

• Torolàlana momba ny fanarahamaso ireo sora-draharaha mikasika ny tetibolan'ny Kaominina, Ministeran'ny Atitany sy ny Fanavaozana ny Fitantanan-draharaham-panjakana, Sekretariam-panjakana miadidy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Fampandrosoam-paritra sy kaominina, Fiaraha-miasa frantsay sy Malagasy, jona 2004 ;

3. FANADIHADIANA SY RAKI-KEVITRA MIFANDRAIKA AMIN'NY LOHAHEVITRA ETO MADAGASIKARA

• Taratasy momba ny pôlitikan'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pitondrana (LP2D), Fiadidiana ny Repoblika, Ministeran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany, Ministeran'ny Atitany sy ny Fanavaozana ny Fitantanan-drharaham-panjakana, desambra 2005 ;

• Pôlitikam-panjakana Ankapobe, Repoblikan'i Madagasikara, May 2014 ;

• Paikady Natao Din'Asa (PND) : 2015-2019, Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana Madagasikara, aprily 2015 ;

• Tari-dàlana ho an'ny Ben'ny Tanàna, Ministeran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany, UNDP, raki-kevitra tsy misy vaninandro,

• Lalàmpanorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara Fahefatra, 11 desambra 2010,

• Lalàna laharana faha-2004 009 tamin'ny 26 jolay 2004 anaovana fehezan-dalàna momba ny fifampiraharahana ara-barotra amin'ny Fanjakana,

• Lalàna laharana faha-2004-021 tamin'ny 19 aogositra 2004, enti-manova ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 tamin'ny 9 aprily 2003, mikasika ny Fitsarana momba ny ady amin'ny Fanjakana sy ny Fitantanam-bola (Gazetim-panjakana laharana faha-2926 tamin'ny 06. 09. 04, p. 3131)

• Lalàna laharana faha-2004-036 tamin'ny 1 oktobra 2004, mikasika ny fandaminana sy ny anjara raharaha ary ny fomba fiasa ary ny paikady fampihatra manoloana ny Fitsarana Tampony ary koa ireo Fitsarana telo mandrafitra azy (Gazetim-panjakana laharana faha-2939 tamin'ny 08. 11. 04)

• Lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 14 aogositra 2014 ifehezana ireo tandrifim-pahefana, ireo fombafomba fandaminana sy fomba fiasan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa

ny an'ireo fitantanana ny raharahan'ny manokana,

- Lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny fidiram-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara raharahan'ireo rafitra,
- Lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana,
- Lalàna laharana faha-2015-008, nenti-nanova ireo fepetra sasan-tsasany entin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014,
- Lalàna laharana faha-2015-009 tamin'ny 25 martsa 2015 anaovana sata manokana ho an'ny Kaominina Ambonivohitra Nosy Be ;
- Lalàna laharana faha-2015-010 tamin'ny 25 martsa 2015 anaovana sata manokana ho an'ny Kaominina Ambonivohitra Sainte Marie ;
- Lalàna laharana faha-2015-011 tamin'ny 25 martsa 2015 anaovana sata manokana ho an'Antananarivo, Renivohitr'I Madagasikara ;
- Didim-panjakana laharana faha-2011-230 tamin'ny 10 may 2011 anaovana ny fananganana, ny fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Ivotoeram-pirenena momba ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fampandrosoana Ifotony (INDDL),
- Didim-panjakana laharana faha-2014–1929 tamin'ny 23 desambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana,
- Didim-panjakana laharana faha-2015–960 tamin'ny 16 jona 2015 amerana ireo anjara raharahan'ny lehiben'ny mpanatanteraky ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana,
- Didim-panjakana laharana faha-2015–959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana momba ny tetibola sy ny volan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.